## ANJOZOROBE

4

# OLONA 2 MATIN'NY DAHALO, 3 MBOLA ANY AMIN'NY MPAKA AN-KERINY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7843 Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 12 aprily 2024


## FIRAISAMONIM-PIRENENA

7




# "MAHAZO VAHANA NY DIDY JADONA SY NY VALIFATY POLITIKA"

## MARINA IZANY ! 6

### KILALAO MALOTO !

## Izy no izy

## VOAHANGY RAHARIMANARIVO 6

### TSY MENA-MASO MITONDRA NY FEOM-BAHOAKA



## FMFP 5 TAONA 8

### 2 000 MAHERY IREO TETIKASA NAHAZO FAMATSIAM-BOLA

## Tafa....sika 3

## TITA RAVEL (TSELATRA)

### "EFA 28 TAONA NILOMANOSANA TAO ANATIN'NY MOZIKA ROCK AHO"


## Pasi pasi 11

## NICOLAS RANDRIAMIANDRISOA

### MPIFANININANA, MPAMPIOFANA ARY MPITSARA, NEFA KOA MPANAZATRA NY ZANANY







Lalaon-tsaina Echecs - Grand Prix

# Mpandray anjara 200 no andrasana etsy amin'ny IKM Antsahavola

*Fifanintsanana fanaon'ny Soisy in-7 mihodina ny raiki-pohy hitondrana ny lalao, izay "30 min+20 segondra isaky ny "coup", na fanetsehana piesy iray.*



Izay telo voalohany isaky ny sokajy no hahazo loka avy amin'ny mpikarakara.

Miditra amin'ny andiany faharoa ny fifaninana "Grand Prix" eo amin'ny lalaon-tsaina echec amin' izao fotoana izao. Raha iray andro ihany ny fotoana nanatanterahana ny hetsika tamin'ny andiany voalohany dia niova kely izany tamin'ity taona ity, satria dia natao roa andro izany mba hahafahan'ny mpilalao maka bahana tsara. Tanjon'ny mpikarakara ihany koa ny hampakatra hatrany amin' ny 200 ny mpandray anjara. Araka ny fanazavan-dRakotomalala Felix, tomponandrakitra voalohany amin'ny fikarakarana ny Tournoi Grand Prix dia ny 13 sy 14 avrily izao no hotanterahina etsy amin'ny IKM Antsahavola ny fifaninanana. Anisan'ny mampiavaka ity andiany faharoa ity ny fahatongavan'ny mpilalao sangany avy amin'ny lalaon-tsaina echec avy any Mahajanga, Toamasia, Antsiranana, ary Antsirabe amin'io fotoana io. Lalao am-pirahalahiana no hatao mba ho fanomanana ny lalao hiadiana ny tompondaka isam-paritra, ary indrindra fotoana iray hahafahan'ny mpilalao mihaona anatin'ny hetsika iray lehibe. Araka ny fanazavana dia ny fifanintsanana soisy in-7 mihodina no raiki-pohy hitondrana ny lalao, 30 min+ 20 segondra isaky ny "coup" na fanetsehana "pion".

**Nozaraina ho sokajy 5**

Nozaraina 5 ny sokajy ka arakaraka ny fahizan'ny mpilalao no nanaovana azy, dia ny "Elo" izany. Marihina fa ny "Elo" dia mari-drefy amantarana ny haavo teknikan'ny mpilalao iray arakaraka ny fandraisana anjara nataony tamin'ny fifaninana efa nisy. Ny sokajy voalohany, araka izany, dia natao ho an'ny mpilalao ankizy sy tanora manana Elo latsaky ny 1550. Eo ihany koa ny lalao "open" ho an'ny sokajy manana "Elo" latsaky ny 1700. Ny fahatelo dia open ho an'ny sokajy manana "Elo" 1700 ka hatramin'ny 1899. Ny sokajy fahefatra dia ho n'ny mpilalao zokiny, izay manana "Elo" latsaky ny 1900, ary ny sokajy fahadimy farany dia ireo manana "Elo" mihoatra ny 1900.

Izay telo voalohany isaky ny sokajy no hahazo loka ka ho an'ny "Elo" mihoatra ny 1899 (open), dia 500 000 ariary ny loka ho azony. 200 000 Ariary ny faharoa ary 150 000 ariary ny fahatelo. Samy hahazo fanomezana hafa ihany koa izy ireo. Ho an'ny "Elo" latsaky ny 1550, tanora, sy ny sokajy latsaky ny 1900 Elo, ny sokajy latsaky ny 1700 Elo, ary ny sokajy 1700-1900 Elo dia mitovy ny loka ho azo ka ny voalohany dia 250 000 Ariary, 200 000 ariary ny faharoa ary 150 000 ariary ho an'ny fahatelo.

**Tiaray R**

Hosodoko

# Mampiranty ny sanganasany etsy amin'ny Ivokolo i Laila

"Fototra Safidy", io no lohahevitra entin'i Laila Bavy, na Laila manamarika ny varotra fampirantiana ny sary hosodoko ataony etsy amin' ny Ivokolo Analakely, ao amin'ny Galerie d'Art RR Raparivo. Fafana 24 amin' ny refiny maro samihafa no arantany sy ampahafantarany ny hevitra fonoson'ny sanganasany. Ny lehibe indrindra amin'izany dia mirefy eo amin'ny 1m sy 20 amin'ny 1 metatra, ary ny kely indrindra 27sm amin'ny 14 sm eo ho eo. Nanomboka omaly ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 20 may 2024 ny fampirantiana. Asongadin'i Laila amin' izany ny mampiavaka azy amin'ireo mpanao hosodoko hafa izay miompana amin'ny "Portrait Abstrait". Araka ny fanazavana nataony dia varatava ihany izy io, saingy mampiavaka azy amin'ny varatava izay anehoana ny sarin'ny olona iray dia noho izy ahitana zavatra tsy takatry ny saina ary misy hevitra tiany hampitaina amin'ny mpitsidika. Nosafidiana manokana ny teny hoe "Safidy fototra", satria



Asongadin'i Laila amin'ny sanganasany ny "Portrait Abstrait".

toa lasa manome tsiny ny hafa ny olona iray amin'ny trangan-javatra tsy mifanaraka amin'ny eritreriny. Rehefa zohina anefa dia safidin'ilay olona ihany izany. Ankoatra izay dia voamarika eo amin'ilay sary ohatra ny piti-katsembohana sy ny tsiahy maro nolalovana. Amin'ny maha varotra fampirantiana azy dia manomboka eo amin'ny 100 000Fmg eo ny vidin'ny fafana iray ary misy mahatratra hatrany amin'ny 1 200 000Fmg. Raha mividy ny sanganasan'ny mpanakanto mpanao hosodoka iray ianao dia amidy ao daholo ny famoronana, ny ron-doha, ary tsy lazaina intsony ny fotoana lany sy ny herintsaina nentina nanatontosa fafana iray tsy azo sandaina vola. Nilaza i Laila fa *"ilaina ny vola ary tanjon'ny mpanakanto iray ny mahalafo ny sanganasany, saingy tsy dia aompana any ny saina fa ny hevitra sy ny hafatra tiana hampitaina any amin'ny mpitsidika sy ny mpankafy no zavadehibe".* Marihina fa 5 taona izao i Laila no nisehatra teo amin'ny tontolon'ny hosodoko. Ankoatra ny "Portrait Abstrait" dia manao "paysage" ihany koa izy. Matetika dia ny sariny sy ny sarin'ny olona mifanakaiky aminy no ataony sary.

**Tiaray R**

## Zoma mahafinaritra

**Samoela**


**Hifamotoana amin'ny mpankafy eny Antsahavola**



Etsy amin'ny La Trrasse d'Akany etsy Antsahavola no hifamotoana amin'ny mpankafy azy i Samoela. Anio zoma haomboka amin'ny 7 ora sy sasany hariva ny fotoana ka ny hisantra izany amin'ny tapany voalohany dia Ralanto sy ny gitarany, hanolorany seho miavaka. Amin'ny tapany faharoa kosa vao hiakatra an-tsehatra i Samoela. Hoentin'i Samoela amin'io fotoana io ireo hira vaovao sy ilay voarikitra anaty USB miondra ny lohateny hoe "Bandy rangahy". Manomana ny fitetezam-paritra any Amerika ihany koa i Samoela amin'izao fotoana izao ka ny endriky ny fampisehoana hataony any no hatolony ny mpankafy eny Antsahavola. Ho an'ireo izay maniry ny hanana ireo kojakoja Samoela sy rakikira ary rakitsary nandritra izay 25 taonan'ny Tarika SAmoela izay dia afaka manjifa izany eny an-toerana amin'io fotoana io

**Black Nadia**

**Hanolotra kabare miavaka eny amin'ny Les Cygnes**



Hanakoako eny amin'ny Les Cygnes Mandrosoa Ivato indray ny hiran'i Black Nadia anio. Mpanakanto tsy zoviana amin'ny maro amin'ny fanafanana fety sy lanonana ary manome ambiansy miavaka ho an'ny reherta i Black Nadia rehefa eny an-tsehatra. Anisan'ny mampiavaka azy ny mihira sady mandihy kanefa toa tsy reraka izany mihitsy. Anisan'ny hira entiny amin'io anio io ireo hirany vaovao sy ireo nahafantarana azy hatramin'izay, ka santionany amin'izany ilay hirany hoe "Mama Denja", "Zaza misy Jery", "Ampy izay" sy ny maro hafa.

**Olombelo Ricky**

**Zoma mahafinaritra etsy amin'ny Piment Café Behoririka**



Hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany ny seho hatolotry ny Olombelo Ricky etsy amin'ny Piment Café Behoririka anio. "Hiraiko Mangina" no lohahevitra entina manamarika ity seho ity. Tsy hampiasa zavamenano maro fa akostika amin'ilay hitiavan'ny olona azy. Entin'ny Olombrlo Ricky hitety vanim-potoana amin'ny alalan'ny mozika ny rehetra amin'io fotoana io. Entin'ny Olombelo Ricky mitety vanimpotoana ny rehetra amin'io fotoana io ka anisan'izany ilay hira hoe "Tsy mety milaza", "Hadinony ianao", "Iny havako iny", "Izy indrindra " sy ny maro hafa.

**Tiaray R**

# Tafa....sika

Tita Ravel (Tselatra)

## "Efa 28 taona nilomanosana tao anatin'ny mozika rock aho"

*Tita Ravel. Fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Titabe. Mpitendry gitaran'ny tarika Tselatra tao anatin'ny 28 taona. Mamorona sady mandrindra hira izy ankoatra izay. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*



***Gazetiko*** : Mpikambana ao amin'ny tarika Tselatra ianao. Tantarao hoe ny "parcours"-nao teo amin'ny mozika ? Efa mpiangaly mozika rock hatramin'izay ve ianao sa miaraka amin'ny tarika mpihira madinika ihany koa ?

***Tita Ravel** : « Teo amin'ny taona 1996 teo ho eo aho no niditra tao amin'ny tarika Tselatra. Efa tia rock hatramin'izay ka hatramin'izao. Talohan'izay aho niaraka tamin'ny tarika hafa, ohatra Vaika Explo, izay tarika noforoniko niaraka tamin'i Degole Blue sy RaGuy ».*

***Gazetiko*** : Ianao ve mamoron-kira sa mitendry ihany ? Firy taona ny nilomanao tao anatin'ny mozika rock ? Nandalo sekolin'ny mozika ve ianao ? Inona daholo ny karazan-javamaneno voafehinao ?

***Tita** : « Izaho mpamoron-kira sady mandrindra ihany koa. Izaho tsy nandalo sekoly fa nampiana-tena. Efa 28 taona nilomanosana tamin'ny rock ny tenako. Gitara no tena voafehiko fa mba mivelively amponga (batterie) ihany ndraindray ».*

***Gazetiko :*** Ilaina ve ny mandalo sekoly rehefa manao mozika ? Inona no gadon-kira ankafizinao ankoatra ny mozika rock ? Ahoana ny fahitanao ny mpitendry zavamaneno amin'izao ? (anatin'ny tarika io)

***Tita** : « Tena ilaina ny mandalo sekoly raha manana ny hoenti-manana. Tiako daholo ny mozika rehefa tendrena. Tena mivoatra be ny ankizy mpitendry mozika rock amin'izao, satria ny fitaovana efa betsaka, fa tamin'ny andronay na gitara aza indramina, sady ny teknolojia amin'izao efa mampianatra ny ankizy amin'ny alalan'ny solosaina ireo mpitendry goavana any andafy ireo ».*

***Gazetiko*** : Ahoana ny fahitanao ny fivoatran'ny fitendrena zavamaneno izao sy ny niainanareo taloha ? Ny fomba fikarakarana fampisehoana amin'izao sy ny taloha ? Ny mpanakanto vao misandratra amin'izao sy ny taloha ?

***Tita :** « Efa voalaza ny resaka fitendrena. Ny mikarakara fampisehona aloha efa betsaka amin'izao raha mihoatra amin'ny taloha. Raha ny mpanakanto taloha indray dia hitako mipetraka kokoa ny tonony sy ny mozika fa amin'izao tena efa misy ny miteniteny foana, fa misy koa ny tsara e! »*

***Gazetiko*** : Mba hazavao hoe ny mikasika ny kolontsaina rock ka nahatonga anao nanaraka izany ? Ny vady aman-janakao ve tezainao amin'izay kolontsaina rock izay ? Ny zanakao ve misy manao mozika rock ?

***Tita** : « Ny Rock raha tany am-piandohana dia mozika sy gadona no nahasarika ahy. Rehefa nohalalinina anefa dia mitondra hafatra ara-pitiavana, nefa mahasana ny lafimpiainana miseho eo amin'ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny. Nefa ankoatra an'ireo ny mpiangaly rock dia olona mandala fiaraha-monina sy fihavanana ary fitaovana (peace and love).*


*Mihaino rock aho ao an-trano fa tsy notereko ny vady aman-janaka hoe tsy maintsy ho tia. Fa nisy ny zanako lahy nefa nankafy ny rock ihany koa dia lasa namorona tarika ho azy izy. Tarika Aiky, izy no mpihira sy mpamorona ao amin'io tarika io. Tiavina no anarany ».*

***Gazetiko*** : Ny programan'ny tarika Tselatra ato ho ato ? Inona no tsiambaratelon'ny tarika Tselatra ka mahatonga azy ireo mbola be mpankafy hatramin'izao ? Inona no torohevitra omenao ireo mpiangaly mozika rock vao misandratra ?

***Tita** : « Raha ny programan'ny tarika Tselatra ! Mbola ao anatin'ny fikarakarana izao satria na ny lehiben'ny tarika aza mbola any andafy amin'izao, i Eric. Raha ny tsiambaratelo indray aloha tsy dia hitako hoe inona fa ny mozika sy ny tonokira no hitako tena ankafizan'ny olona anay. Izahay koa tsy nisy nisaraka mihitsy hatramin'izay niarahanay izay fa nifanaja tsara ary nanao mozika ampahamatorana tsara. Dia mbola isaorana an'i zoky Éric nitondra ny tarika hatramin'izao.*

*Ho an-dry zandry vao miakatra indray. Mila atao tsara ny tonokira sy ny mozika fa tsy maikamaika fa mila henoina tsara aloha vao avoaka hohenoin'ny olona ».*

**Dinika nifanaovan'i Fy**




Fifidianana solombavambahoaka

## Maro ireo artista nirotsaka ho isan'ny mpifaninana

Maromaro ireo mpanakanto nirotsaka ho anisan'ny mpifaninana hiditra eny amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena Tsimbazaza. Ao ireo efa nisalotra ny anaram-boninahitra ary nitondra ny fanevan'ny depiote nandritra ny dimy taona, toa an-dry Tsiliva sy ry Rossy. Ho an'i Rossy, nilatsaka amin'ny anaran'ny tenany fa tsy amin'ny antoko izy. Lasa lisitra faharoa fa tsy voalohany intsony any amin'ny faritra Menabe iny i Tsiliva, ary amin'ny loko volomboasary. I Jerry Marcoss, kosa efa nilatsaka kandida tamin'ny 5 taona lasa nefa tsy lany, ka izao namerina any Antalaha izao indray amin'ny loko volomboasary.

Anisan'ireo nanatevin-daharana ihany koa ireo artista izay vao hilatsaka solombavambahoaka toa an-dry Bodo (Boriborintany faha-3 Antananarivo, tsy miankina) ; Vaney's (Antsohihy, izay mirotsaka amin'ny anaran'ny tenany ihany koa) ; Jaojoby (Boriborintany faharoa, laharana faharoa amin'ny kandidan'ny loko volomboasary); i Honty tarika Ambondrona (any amin'ny distrikan' Ankazobe, izay natolotry ny Kolektifa) ; MamiBe (nirotsaka any Mahajanga II amin'ny anaran'ny tenany ihany) ; Jarifa ( ny amin'ny distrikan'i Morombe, natolotry ny Antoko Arema) ; Din Rotsaka (Befandriana avaratra, kandida tsy miankina amin'ny antoko) ; Pa'Hery (kandida any Vohipeno, mitondra ny anarany fa tsy miankina amin'ny antoko).

**Kasikety roa**

Anjara Rasoanaivo sy Randy Donny, izay iray lisitra anisan'ny mpifaninana ao amin'ny Boriborintany voalohany eto Andrenivohitra, dia sady mpanao gazety no mpanakanto saingy misongadina kokoa ny asa fanaovan-gazety hahalalan'ny maro azy ireo. I Anjara, dia mpanakanto mpihira manana ny tarika mpiangaly mozika mavesatra ; mpanatontosa sady manana trano famokarana horonantsarimihetsika. Efa maro ny horonan-tsarimihetsika novokariny sy notontosainy izay efa mandeha amin'ny Canal + ary efa nahazo loka maro tamin'izany. Randy Donny kosa, mpamoron-kira sady mpanoratra boky. Efa namoaka hira maromaro tamin'ny radio sy fahitalavitra saingy nohirain'ny tarika sy mpanakanto hafa. Boky marobe ihany koa no efa nosoratany, raha tsy hilaza afa-tsy ny « La Saga Mahaleo » ; « Jaojoby à l'Olympia » ; « Fonoka sy kalo » (amboaran-tonokalo) ; « Têorian'ny tandrimo».

**Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-8)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, bisikileta, machine, kahie, debara sns. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-3)

* Lamba, kiraro, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-1)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-5)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-1)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-19)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-3)

### MAMPIANATRA

* Mampianatra sary. Manamboatra chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-2)

Anjozorobe

# Olona 2 matin'ny dahalo, 3 mbola any amin'ny mpaka an-keriny

Nanao antso avo ny havan' ireo namoy ny ainy noho ny asan-dahalo tao amin'ny fokontany Ambohimahamory, distrikan'Anjozorobe. Raha ny fanazavan'izy ireo dia efa nisy mpianaka novonoin'ireo dahalo mpaka an-keriny ireo. Mbola misy telo mianadahy hafa ihany koa voatazona an-keriny amin'izao ary mitaky volabe ireo dahalo ho takalon'ny ain'ireo olona ireo. *" Mitalaho amin'ny fitondrampanjakana izahay tompoko fa tena mijaly. Efa ho tapabolana izao no tsy hita ny zanakay. Tsy misy mihaino ny tarainanay. Mijaly izahay aty ambanivohitra Anjozorobe mandry an-tsaha isan' andro. Mampihorohoro ireo dahalo. Tsy mitsitsy ihany koa ary vola 80 tapitrisa no takian'ireo aminay amin' izao»*, hoy ny antsoantson' ireto fianakavian'ireo olona nisy naka an-keriny ireo. Tamin'ny sabotsy 23 marsa tokony ho tamin'ny 8 ora alina ity tranga ity, saingy hatramin'ny androany dia tsy mitsahatra miantso ireo dahalo ireo. Raha zohina dia efa-dahy no tonga tao amin'io tanàna voalaza etsy ambony io. Niditra tao amin' ny filoham-pokontany no nalehan'izy ireo voalohany. Nalainy ny vadin'ny prezida sy ny zanany roa lahy. Voaroba ihany koa ny entana, ny finday...sns. Rehefa avy eo dia niditra tao amin'ny mpivarotra iray teny am-pita ry zareo. Nihidy ny trano tao fa nopotsihiny ny varavarana. Tamin'izany no notifirin'ireo tsy mataho-tody ny zanak'ilay tompon-trano sy ny rainy ary ireo namoy ny ainy ireo. Efa mandeha moa ny fanadihadiana. Ny fanazavana hatrany no nahalalana fa mampihorohoro ny dahalo ao Anjozorobe ao ka manaitra ny tomponandraikitra.



Ireo namoy ny ainy voatifitry ny dahalo.

**Deyland**

Faritra Sofia

# Efa imbalo voasambotra fa votsotra foana i Jerson lehiben'ny dahalo



Fisamborana an'i Jerson tamin'ny taona 2021.

Niakatra fampanoavana vaovao indray ilay lehiben'ny dahalo antsoina hoe Jarisone, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Jerson. Nidoboka am-ponja vojimaika izy rehefa avy natao famotorana tao amin'ny fitsarana Antsohihy. Ity lehilahy ity dia lehiben'ny dahalo ary anisan'ny mampikaika ny mponina ny amin'ny resaka halatra omby. Izy io no fototry ny tsy fandriam-pahalemana ao amin'ny faritra Sofia. Dahalo efa voasambotra imbalo, saingy tafavoaka foana na dia efa nigadra aza. Tamin'ity indray mitoraka ity izy dia voampanga indray amin'ny resaka famotsiana omby halatra, firaisana tsikombakomba amin'ny jiolahy ary dahalo mpamerin-keloka. Omby 44 no nangalariny ny herinandro teo, izao izy tra-tehaka izao, ary nidoboka am-ponja vonjimaika. Jiolahy raindahiny nampijaly ny vahoakan'Antsohihy ity atao hoe "Jarisone", na antsoina hoe "Jerson", ity. Ny taona 2021 izy no efa namoahana filazana hazalambo, ary voasambotra tamin'izany izy sy ny rahalahiny atao hoe Rasamy tao Antsahabe Lagnorana, kaominina Mantsondakana, distrikan'i Befandriana Avaratra, faritra Sofia rehefa natao hazalambo nandritra ny 03 volana mahery. Raha tsiahivina dia halatra omby, nitazona omby halatra, famotsiana taratasin'omby halatra, fikambanan-jiolahy, fampihorohoroana, kolikoly, firaisana tsikombakomba amin'ny raharaha vonoolona, no antony nanenjehana azy. Ankoatra izay dia efa nigadra 7 taona tany Tsiafahy izy ny taona 2006 saingy vao nahavita 5 taona monja dia tafavoaka noho ny antony manokana.

**Deyland**

Ambohimangakely

# Lehilahy nisandoka ho zandary voafatotry ny teny nataony

Tsara ny mampahatsiahy fa voararan'ny lalàna ny fisalorana akanjo miaramila sy ny mitovitovy aminy. Anisan'ny voasambotra momba izany ny lehilahy iray tetsy Ambohimangakely,omaly. Lehilahy iray manao "survêtement"-n'ny zandarimaria no hitan'ny olona mandalo tao Ambatomitsangana, fokontany Ankadindambo. Nampiahiahy ny fahitan'ny olona azy sy ny fihetsiny. Noho io dia niantso mpitandro ny filaminana avy hatrany ny olona. Zandary 3 lahy notarihin'ny lehiben'ny brigady Ambohimangakely no nidina haingana teny antoerana nanao ny fisamborana. Nilaza ilay lehilahy fa zandary miasa ao amin' ny brigady Toamasina izy. Voatery nentina teny amin' ny birao ity farany ka natao famotorana. Teo no nahalalana fa mpisandoaka fotsiny ilay lehilahy.



Ilay nisandoka sady mbola tratra nitafy ny "survêtement" an'ny zandary.

**Nakany vola**

Ny teniny ihany no namatotra azy, rehefa napetraka taminy ny fanontaniana vitsivitsy momba ny resaka ara-miamila. Izany hoe voafatotry ny teny nataony ilay lehilahy. Rehefa nanontaniana azy ny singa hahafenoany fepetra mahazandary dia tsy voavaliny. Nilaza indray izy fa tafika mitondra ny galona serzà sefo. Nilaza ny marina ihany moa izy nony farany fa miaramilan'ny tafika efa voaroaka ny taona 2012, ary "soldat de deuxième classe" no galona nahavoaroaka azy, raha ny loharanom-baovao. Tazomina hatao famotorana eny amin' ny brigady Ambohimangakely ilay lehilahy. Nanamafy ireto zandary fa hatolotra ny fitsarana ny raharaha ka entanina ny olona nosolokian'ity lehilahy ity, na nakany vola na hotely nisakafoanany ka tsy nandoavany vola, sns... mba hanatona ny biraon'ny zandarimaria Ambohimangakely.

**Deyland**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Maroantsetra

# Fivarotana sy fifohana rongony, tanora 24 mianadahy nidoboka am-ponja



Ireo rehetra voasambotra !

*Misy mbola mpianatra sy tsy ampy taona tamin'ireto voasambotra ireto.*

Nanatanteraka hetsika goavana hamongorana ny zava-mahadomelina ny mpitandro filaminana ao Maroantsetra. Nahitàm-bokany izany satria tanora efatra amby roapolo mianadahy be izao no voasambotra ny faran'ny herinandro lasa teo. Misy mbola mpianatra sy tsy ampy taona tamin' ireo voasambotra ireo ary nahitàna vehivavy telo. Fito ambinifolo taona ny zandriny indrindra ary lehilahy dimy amby efapolo taona ny zokiny. Misy efa tambajotra mpivarotra zava-mahadomelina amin'izy ireo ary ao ihany koa ireo mpanjifa, izay saika tanora avokoa ny ankamaroany. Vokatry ny fitarainana nataon'ny mponina any an-toerana moa no nahatratrarana azy ireo. Ny sabotsy lasa teo izy ireo no voasambotra tao amin'ny fokontany Anjahamarina I-Maroantsetra ary mbola nisy rongony milanja 2,650 kilao tratra tany amin'ireo mpivarotra.

**Lasibatra**

Ny talata lasa teo moa no nanolorana azy rehetra ireo teny amin'ny Fampanoavana taorian'ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana ka fantatra fa notanana vonjimaika any am-ponja avokoa izy ireo. Raha ny fanazavàna hatrany dia tena mahazo vahana tokoa ny fidorohana zava-mahadomelina any an-toerana ary saika ireo tanora sy ireo mpianatra no tena lasibatra amin'izany. Voasarika hatramin'ny tovovavy ihany koa anefa rehefa samy tafaraka ireo tanora. Iaraha-mahalala fa anisan'ny tena mamotika ny tanora ny fidorohana zava-mahadomelina izay mahatonga azy ireo hanaotao foana ary antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ka tsy maintsy fongorina.

R.C

Farafangana

# Dahalo roa maty voatifitry ny zandary

Dahalo roa no maty voatifitry ny zandary tany amin' ny distrikan'i Farafangana andro vitsy lasa izay. Nisehoana fanafihan-dahalo mantsy tany Moratody Ambohitrevo, any amin'ny kaominina Tovona, any antoerana, ny faran'ny herinandro lasa teo. Omby 16 no lasan'ireo olon-dratsy tamin'izany. Taorian'izay, lasa nandeha nitsoaka ry zalahy ary nianatsimo ny diany. Nandeha nanara-dia avy hatrany ny fokonolona ary rehefa nampandrenesin'izy ireo ihany koa ny mpitandro filaminana dia nanampy azy ireo. Niditra ny ala Marovary tao anatin' ny kaominina Iabohazo ireo mpanara-dia no nifanehatra tamin'ny dahalo. Tsy nisalasala ireto farany tamin'io handeha hanindrona antsy ireo jamà anisan'ny mpanara-dia izay nandeha nialoha lalana. Niaro tena ny zandary ka voatery nitifitra ary maty tamin'izany ny dahalo iray. Nitohy ny fanarahan-dia ka ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro, tany Analazaha, fokontany Baboky, kaominina Mahabo, any Farafangana ihany dia tratra teo amin'ireo omby very ny dahalo iray hafa. Niezaka nanohitra ny zandary indray ilay io na dia efa nomena baiko tsy hihetsika aza ka voatery nampiasa ny fitaovampiadiana teny aminy ireo mpitandro filaminana ary maty voatifitra vokatr'izany ralehilahy. Azo avokoa ireo omby very ary efa naverina any amin'ny tompony.

T.H

Ilafy

# Lehilahy hita faty, nivoaka rà ny vavany

Lehilahy iray tokony ho 56 taona no hita faty tany Ilafy, ao anatin'ny kaominina Ankadikely, ny talata lasa teo. Nivoaka rà teo amin'ny vavany araka ny filazan'ny olona nanatri-maso ny razana. Fantatra ihany koa fa tsy nahitana ratra tamin' ny vatany iray manontolo. Olona tany an-toerana no nahita ny fatin-dralehilahy nitsirara teo akaikin'ny biraom-pokontany tany antoerana. Nitangorona nijery ny razana teo ny olona, satria vetivety dia niely ny feo mikasika ity tranga ity. Nisy nahafantatra ity maty ity, satria any amin'ny manodidina ny toerana nahitana ny razana ihany no mipetraka izy ireo. Nandre mikasika ity faty hita ity ihany koa ny fianakaviany ka hatairana ny azy ireo raha nahita fa ny fatin'ny havany io novantanin'izy ireo io. Efa tonga teny antoerana rahateo ny sefo fokontany ary nampandre ny mpitandro filaminana misahana iny faritra iny avy eo. Raha vao naheno ilay zava-nisy ny zandary avy ao Ankadikely Ilafy dia nandeha nidina ifotony tany amin'ny toerana nahitana ny razana nanao fizahana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Ankadikely. Araka ny filazan'ny mpitsabo dia fijanonan'ny fony tampoka no antony nahafaty ity lehilahy ity. Efa natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiakan'ilay lehilahy taorian'ny fizahana natao.

T.H

Mandritsara

# Zazakely maty tsy trà-drano voafaokan'ny fiara

Ankizikely tokony ho sivy taona eo no maty tsy trà-drano voafokan'ny fiara tao amin'ny tanànan'Ambalafary, tokony ho 18 kilaometatra avaratra andrefan'i Mandritsara, omaly maraina. Raha ny fanazavàna azo dia nisy fiara iray nirimorimo mafy namakivaky ny tanàna nifaoka io zaza io. Naratra mafy vokatr'izany ilay zaza noho ny dona mafy nahazo azy ka na dia niezaka namonjy azy aza ireo olona teo amin'ny manodidina dia tsy tana ny ainy. Vetivety dia nahoraka tao an-toerana ity vaovao ity ka saika nampisavorovoro ny mponina. Nampandrenesina avy hatrany moa ny mpitandro filaminana ka efa mandeha ny fanadihadiana amin'izao. Nanao antso avo moa ny mponina ny mba hijerena akaiky ny raharaha ary handraisana fepetra amin'ireo mpamily, izay mandeha mafy rehefa miditra tanàna kanefa betsaka olona mifamezivezy.

**Hafa koa**

Fa ankoatra io dia zazavavikely vao fito taona monja ihany koa no maty voadonan'ny fiara tao amin'ny fokontany Besisika-Boriziny ny talata alina lasa teo. Raha ny fanazavàna azo dia avy nianatra hamonjy fodiana nandeha an-tongotra teny amin'ny sisin'arabe io zaza io no voafaokan'ny fiara. Naratra mafy ilay zaza satria tapaka mihitsy ny tongony. Novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly izy saingy tsy tana ny ainy noho ny rà betsaka very taminy sy ny ratra nahazo azy. Efa voasambotra moa ilay mpamily ary notanana natao famotorana. Voalaza fa taksibrosy iray manao zotra mampitohy an'Antananarivo sy Nosy be ity nifaoka ilay zaza ity.

R.C

Ambohibao Antehiroka

# Mpangalatra alika 2 lahy voasambotry ny zandary



Ireo 2 lahy voasambotra !

Tranga tsy dia fahita firy indray ity nitranga teny Ambohibao Antehiroka ity satria mpangalatra alika roa lahy no voasambotry ny zandary. Niainga tamin'ny fitarainana nataon'ny tompon'ny alika very tanaty tambajotran-tserasera facebook no nanaovana ny fikarohana. Vokatry ny fiarahamiasa tamin'ny mpiara-monina dia hita tamin'ny « caméra de surveillance » teo akaikin'ilay trano nisy ny alika ireo roa lahy nangalatra izany. Fantatra fa mponina avy eny amin'ny manodidina ihany izy roa lahy ireo ka niroso tamin'ny fisamborana azy ireo avy hatrany ny zandary. Mbola tratra tany amin'izy ireo moa ilay alika nangalariny ka efa naverina amin'ny tompony. Izy roa lahy kosa notanana natao famotorana. Fantatra fa anisan'ny alika lafo vidy io very io, izay nokasaina hamidy teny Talatamaty kanjo izao tratra izao.

R.C

Depiote Ramilison Ange Richard

# Tsy afaka nirotsaka hofidina, noho ny nafitsoky ny olomboafidy namany ihany

*Olomboafidy am-perinasa, any amin'ny distrikan'i Sambava no niharan'ny antsojay.*

Niseho amin'ny endrika maro samihafa ny fomba nanakanana ny kandidà atahorana ka natao izay hanilihana azy tsy ho mpifaninana, amin'ny 29 mey. Nisy ireo tsy nomena ny antontan-taratasy nilaina, namenoana dosie. Ny hafa nosamborina ary nampidirina vonjimaika any amponja. Hafa kely kosa ny nitranga tany Sambava, nanakanana ny depiote am-perinasa Ramilison Ange Richard tsy handray anjara amin'ny fifidianana. Araka ny fanazavana nomen'io olomboafidy io ihany dia tsy afaka nirotsaka hofidiana izy, noho ny nafitsoky ny olomboafidy namany ihany. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia toy izao ny zava-nitranga. 24 ora mialoha ny fe-potoana hifaranan'ny fametrahana ny antontan-taratasy dia nisy olomboafidy (akaiky ny depiote Ramilison Ange Richard ihany), niantso ireo mpiara-miasa amin'itsy farany roalahy nitazona ny dosie filatsahan-kofidiany efa voaomana. Nentiny tamin'ny fiara, nihazo ny toeram-pisakafoana iray izy ireo ary nalainy ny finday sy ny fanalahidin'ny birao misy ny dosie tokony haterina eny amin'ny OVEC. Ny andro ifanaran'ny fametrahana antontan-taratsy dia voalaza fa mbola nentiny tamin'ny hôtely iray indray izy roalahy ireo ary nomeny toky fa haloa ny hôtely sy izay sakafo laniny.



Ny depiote am-perinasa Ramilison Ange Richard.

**Tsy misy mifaninana amin'ny kandidam-panjakana !**

Araka ny fanazavana nomen'ny depiote dia tamin'ny 6 ora hariva vao niverina teo ilay nitondra azy tamin'ny fiara ary namerina ny finday sy ny fanalahidin'ny birao nisy ny dosie. Vokany, raha ny filazan'ny depiote Ramilison Ange Richard ihany dia tsy afaka nametraka dosie, teny amin'ny OVEC ny tenany. Ary ny ampitso, rehefa nanontany mpikambana iray ao amin'ny CENI, raha toa ka mbola mahazo manatitra dosie dia tsia no valiny. Ny dikany, tsy isan'ny mpifaninana hatramin'ny farany ny solombavambahoaka am-perinasa Ramilison Ange Richard izay loha lisitra, tokony nirotsaka tamin'ny anaran'ny fikambanana "Tranon-katsaka" ary lany tamin'ny isa 63%, ny taona 2019. Nomarihiny fa fanapahan-kevitra nivoaka avy amin'ny kongresy nataon' ny mpikambana ao amin'ny "Tranon-katsaka" ny filatsahan-kofidiany. Nilaza moa io olomboafidy io fa nisafidy hangina ary tsy hametraka fitoriana. "Madio ny tanako ary samy hotsarain'ny tantara. Indrindra tsy androany ihany ny fanaovana pôlitika", hoy ihany izy. Araka ny fanazavana nomen'io olomboafidy io ihany dia tsy mahafaly ny vahoaka any an-toerana sy ny mpikambana ao amin'ny "Tranon-katsaka" ny fisian'io antsojay io. Rehefa tsy afaka nirotsaka hofidiana izany ny depiote am-perinasa Ramilison Ange Richard dia tsy misy mifaninana aminy ny kandida avy amin'ny antoko manohana ny fanjakana, ny depiote Mamangy Norbert, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Jack (mitarika ny lisitra) sy ny minisitry ny Atitany Tokely Justin (mpiray lisitra aminy).

V.R.

## Marina izany !

### Kilalao maloto !

**Sesilany ny fitarainan'ny kandidà, tsy eto an-drenivohitra ihany fa any amin'ny distrika maro manerana ny Nosy, mahakasika ny tsy fanarahan-dalàna na ny fanaparam-pahefana, ataon'ny tompon'andraikitra sasantsasany mialoha ny fifidianana solombavambahoaka. Ny ankamaroan'izy ireo dia tsy nomena ny antota-taratasy sasany ilaina, hamenoana ny dosie filatsahan-kofidiana. Voakasik'izany ohatra ny kandida any Ampanihy Andrefana ; ny any Antanifotsy ; ny any Sambava...Ny kandidà iharan'ny antsojay dia, na avy amin'ny mpanohitra na olon'ny mpitondra teo aloha, saingy nisintaka noho ny antony samihafa. Taona maro aty aoriana, tsikaritra ho miverina indray ny tantara efa nitranga tany amin'ny Repoblika faharoa. Antony ilazana izany dia manomboka ny kilalao maloto hanilihana, amin'ny fomba rehetra ny mpifaninana sy hampihorohoroana ny mpiasam-panjakana manana andraikitra amin'ny fanomanana sy fikirakirana fifidianana. Andro vitsivitsy lasa izao dia mandeha ny tsilian-tsofina fa kononokonina ny famindran-toerana ireo mpiasam-panjakana tsy nanaraka baiko na ahiahiana ho mety hiray tendro amin'ny, kandidà mifaninana amin'ireo mirotsaka amin'ny anaran'ny antoko manohana ny mpitondra. Hatreto aloha dia mbola tsy mihatra ilay fanapahan-kevitra famindran-toerana. Na izany na tsy izany, tsinjon'ny rehetra fa mety ho tanteraka izany, raha ny zavatra efa nitranga tany aloha. Indrindra tsikaritra ho samy mitady ny fomba rehetra ahazoana maro an'isa, eny amin'ny Antenimieram-pirenena na ny andaniny na ny ankilany, na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba inona no mety hahatongavana amin'ny tanjona!**

Voahangy Rakotozafy

## Izy no izy

Voahangy Raharimanarivo

# Tsy mena-maso mitondra ny feom-bahoaka

Renim-pianakaviana manan-janaka telo mianadahy ny kandidan'ny Tiako I Madagasikara hitondra ny fanevan'ny Vovonana Firaisankina amin'ny fifidianana solombavambahoaka eny Atsimondrano, Voahangy Raharimanarivo. Ny sehatry ny politika no nahafantaran' ny maro azy saingy ankoatra ny maha mpanao politika azy dia mpandraharaha amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana ary havanana manokana amin' ny fanofanana ny tanora ihany koa ny tenany. Efa nisahana andraikitra maro teto Analamanga ny tenany satria ankoatra ny naha filoha lefitry ny filankevitra rejionaly azy dia efa solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tamin'ny anaran'ny TIM teny Atsimondrano nandritra ny fotoampiasana 2013-2018 ihany koa izy. Nanamarika ny nitazonany ireo andraikitra samihafa ireo, araka ny fitantaran'ireo akaiky azy ny fahaizany nifanerasera sy nihosina tamin'ny vahoaka na ny avy any Ambanivohitra izany na ny avy ety Andrenivohitra na ny tanora na ny lehibe na lahy na vavy. Araka io loharanom-baovao io hatrany, tsy mena-maso mitondra ny feom-bahoka sy ny feon'ny majinika mpiray tanindrazana aminy ny tenany ka tsy nikely soroka tamin'ny fanaovana izany mihitsy na inona nitranga na inona nidona. Na dia tsy nambarany mivantana aza dia isan'ny manafintohina azy indrindra raha teo ny mahita fa harena tsy tambo isaina no misy eto Madagasikara sy eny Atsimondrano eny raha ny marimarina kokoa kanefa tsy mba migoka sy misitraka izany ny vahoaka tompon-tany noho ny afitsoky ny sasany.

**Tia kitonotono**

"*Izaho aloha raha mbola misy ny tolona iadiana amin'ny tsy rariny sy ho fampanjakana ny fahamarinana ary hamongorana ny kolikoly mampahantra ny firenena dia hijoro foana aho. Tsy ho ataoko ambanin-javatra mihitsy ny tombontsoam-pirenena. Tsy mendrika ny vahoaka Malagasy izao fiainana misy izao. Tsy misy fandriam- pahalemana, miakabidy isan'andro ny vidin'entana, zara raha misakafo ny Malagasy, ny zaza tsy miditra an- tsekoly, ny tanora tsy an'asa* », hoy Rtoa Voahangy Raharimanarivo tamin'izany. Ambonin' izany, olon'ny finoana ihany koa ity vahinintsika eto amin'ny Gazetiko anio ity ary tsy vitan'ny kristianina tsotra fa diakona ao amin' ny FJKM Andohatanjona Fihavaozana mihitsy ny tenany. Ny fiainany amin'ny maha olom-pirenena azy dia manana ny sakafo ankafiziny sy ny fialam-boly tiany izy. Rehefa faran'ny herinandro dia manampy ny vady aman-janany mikarakara sakafo ao an-tokatrano no andaniany ny fotoanany. Rehefa sakafo rehetra avy ao anaty ranomasina sy ranomamy dia ankafiziny avokoa ary ny tena ankafiziny dia ny trondro asiana lafika voanjobory na endasina. "*Za ko tena tia kitonotono... ilay mihinana masikita e!*", hoy mihitsy izy niresaka taminay. Ankoatra ny mandeha mitsangatsangana dia fialamboly fanaony sy tiany ihany koa ny manao karaoke miaraka amin'ny fianakaviana ao an-trano.





Izy no Voahangy Raharimanarivo, kandida depiote natolotry ny Firaisankina eny Atsimondrano.

Mamy R.

Firaisamonim-pirenena

# "Mahazo vahana ny didy jadona sy ny valifaty politika"

Manaraka akaiky ny fizotran'ny raharaham-pirenena amin'izao herinandro vitsivitsy mialoha ny daty voatondro hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka izao ireo fikambanan' ny firaisamonim-pirenena eto Madagasikara. Omaly, naneho hevitra mikasika ny fanonganana sy fanalana ny maha olom-boafidy andRtoa Christine Razanamahasoa, filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha sy Ing. Herimanana Razafimahefa, Filohan'ny Antenimierandoholona ry zareo. Tsy nivilivily ry CCOC, Liberty 32, Hetsika ROHY, MSIS Tatao, ONG Hitsy, ONG Ivorary ary ONG Tolotsoa raha nilaza tamin' izany fa taratry ny didy jadona sy ny valifaty politika miha mahazo vahana eto amin'ny firenena ireny trangan-javatra ireny. "*Tianay ny mampahatsiahy ny maha zava-dehibe ny foto-kevitra saro-pady momba ny fisaraham-pahefana, izay nozimbazimbaina hatry ny ela. Amin'ny lafiny iray, ny fanonganana an'ireo filohan' ny Antenimiera roa, izay mpanohana mafana fo ny fitondrana teo amin'ny toerany tamin'ny alalan'ny tetika ara-politika tsy aradalàna, na ny fanerena mihitsy aza, ary etsy ankilany, ny famoretana mafy ny sehatra fanehoan-kevitra sy fandraisana anjara amin' ny maha-olompirenena no famantarana mazava ny fitondrana jadona. Ny faneken'ny Fitsarana Avo momba ny lalàmpanorenana an'ireo fangatahana ireo, na amin'ny votoatiny sehony sy amin'ny endriny, dia mampanahy ihany koa amin'ny fitandroana ny hany kely sisa tavela amin`ny fanjakana tan-dalàna eto Madagasikara*", hoy izy ireo tamin'izany.

**Nofinofy fotsiny**

Nilaza mazava ihany koa ireo firaisamonim-pirenena ireo fa "*mananontanona ny loza ary mihamahazo vahana ny fitondrana jadona eto Madagasikara saingy mbola tsy tara ny fanakanana izany. Adidin'ny olom-pirenena tsirairay ny mijoro sy manda ny tsy rariny amin'ny endriny rehetra mba tsy ho lasa nofinofy fotsiny ny demokrasia*". Ao anatin'izany rehetra izany, namerina nanolotra ireo tolo-kevitra efa nambaranay taloha ireo firaisamonim-pirenena ireo. Isan'izany ny fametrahana sehatra fifampidinihina mitohy mba hisian'ny fifampitokisana hiatrehana ny fifidianana mbola ho avy rehetra; ny fanamafisana ny fahaleovantenan'ny fitsarana, indrindra amin'ny resaka fifidianana; ny fametrahana ny sazy noho ny tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny vola lany amin'ny fifidianana. Eo ihany koa ny hoe: ny fanafahana sy fahalalahana ny sehatra ho an'ny olompirenena min'ny alalan'ny fanafoanana ny didimpanjakana laharana faha 60-082 amin'ny 08/13/60 mikasika ny fivoriam-bahoaka sy ny fihetsiketsehana eny amin'ny lalam-bahoaka; ny fampiatoana avy hatrany ny antsonjay politika.

**Mamy R.**

Marary hisitraka ny Mercy Ships

# Vita ny fandraisana ny fisoratan'anarana

Fahombiazana tanteraka! Dingana iray goavana no tontosa ho an'ny tetikasa izay karakarain'ny fikambanana iraisam-pirenena Mercy Ships eto Madagasikara. Vita ny zoma 5 avrily lasa teo ny fandraisana ny fisoratana anaran'ireo marary hisitraka ny fitsaboana maimaimpoana ataon'ny Mercy Ships. Raha tokony nifarana ny faha-29 marsa teo, dia nohalavaina ny fe-potoana ahazoan'ireo marary nanao izany tany amin'ny faritra roa, noho ny fandalovan'ny rivodoza Gamane izay namely ny faritra Avaratry ny Nosy. Marihina fa nametraka paik'ady mivelatra kokoa ny Mercy Ships mba ahafahan'ireo marary avy amin'ireo faritra 12 hafa



Tahaka irao ny toerana handraisana ireo marary ao anatin'ilay sambo Mercy Africa.

manerana ny nosy misoratra anarana. Hetsika izay mifandray amin'ny tanjon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka mba hahafahana mitsonga ireo marary manerana ny nosy. Vokatr' izany, ny Mercy Ships dia afaka nandray ireo marary misy sokajin'ny aretina hatao fandindiana maromaro. Tafiditra ao anatin' izany ny fandidiana ny endrika sy ny tarehy, ny fadidiana natokana ho an'ny zaza, ary ny aretina mila fandidiana amin'ny ankapobeny. "*Ny fahamaroan'ny olona eto Madagasikara namaly ny antso tahaka izao, dia mametraka ny fitokisana lehibe ho an'ny Mercy Ships izay manasongadina ny filana maika ho an'ny sehatry ny fandididiana eto amin'ny Nosy*", hoy ny fanazavan-dRtoa Ria Bos, Tale miandraikitra ny fifantenana ireo marary ao amin'ny Mercy Ships. Nambarany fa maimaimpoana avokoa ny fitsaboana sy ny fandidiana izay hataon'ny Mercy Ships. Tsiahivina fa hanomboka ny faran'ny volana mey izao ny fitsaboana sy ny fandidiana marary ao anatin'ilay sambo lehibe Mercy Africa izay miantsona ao Toamasina. Efa manomana ny pitsopitsony rehetra momba izay ny tomponandraikitra.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Kandidà Jean Patrick Herindrainy-Tana I

# Hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana



Miantso ny vahoaka hiara-dia aminy i Jean Patrick Herindrainy.

Mikoroso fahana ny fiainan'ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy amin'izao fotoana izao. Ambany dia ambany ny fahefa-mividy, tsy hitan'ny olona intsony izay ho sarangotina, very lalam-panahafana ny tanora ka lasa manaonao foana. Ny politika tsy mijery sy tsy mitsinjo ny sosialim-bahoaka no anisan'ny fositra amin'izany. Tonga kosa izao ny fotoana hamahana izany olana izany mba hijerena ireo lalàna mifanaraka amin'ny filan'ny mponina. Izany indrindra no antony nijoroan'i Jean Patrick Herindrainy hirotsaka hofidiana ho solombavambahokan'i Madagasikara eto amin'ny Antananarivo, boriborintany voalohany. *"Tsy afaka mijery fotsiny ny fahoriana mianjady amin'ny olona mitovy amiko aho ka vonona ny hitondra ny anjara-birikiko hansoavana azy ireo. Rehefa milamina ny sosialim-bahoaka dia mandroso ho azy i Madagasikara"*, hoy izy. Mba hahatratrarana ny tanjona dia miantso ny vahoaka izy mba hiara-dia aminy. Tsy miafina amin'ny mponina eny amin'ny toerana misy azy eny ambany tanana ny finiavany hanampy ny manodidina azy. Tsapany anefa fa toa tsy namaha olana izany fa raha tiana ny hampahaleo tena ny vahoaka dia ny politikam-panjanaka amin'ny fitantanna ny haren'ny firenena amin'ny ankapobeny mihitsy no tokony hovaina mba samy higoka izany avokoa ny malagasy rehetra. Hararaotin'ny sasany io fahasahiranana io mba hahafahany maka ny fon'ny Malagasy mahantra, kanefa efa iaraha-malala ny fitaka ao ambadika. *"Mila mitandrina isika mba tsy ho sodokan'ireny fanomezana ataon'ny sasany ireny amin'izao ankatoky ny fifidianana izao fa fanampiana vonjy tavanandro tsy haharitra ireny"*. Hoy hatrany izy.

**Ataovy mangarahara**

Ankoatra izay dia nilaza ihany koa ity lisitra faharoa miaraka amin'i Paolo Raholiniarivo Solonavalona fa *"ilaina ny fangaraharahan'ny fifidianana ka tokony tsy hisy ny teritery atao eny anivon'ny fokontany. Ny safidim-bahoaka no tokony harovana fa tsy andron'ny kolikoly sy ny fanaovana ampihimamba intosny izao. Aleo hadio ny fitisipi-dalao amin'ny fifidianana, aleo hadio ny fitsipi-dalao eny amin'ny propagandy. Samy hotsarain'ny vahoaka ary samy ho tsarain'ny tantara eto isika. Aleo hijanona ny ramatahora, fampihororoana sy ilay hoe "hifankahita isika". Aleo isika hifandray tanana eny an-kianja sy eny an-tanimboanjo eny dia samy mandresy lahatra amin'izay hitany fa mampety amin'ny fanasoavana ny vahoaka"*

**Tiaray R**

FMFP 5 taona

# Maherin'ny 2 000 ireo tetikasa nahazo famatsiam-bola 77 000 ireo nisitraka fiofanana

Nomarihina omaly ny 5 taona nijoroan'ny "Fonds Malgache de Formation Professionnelle", na FMFP. Hatramin'ny 2019 nijoroany dia manodidina ny 42 miliara ariary ny famatsiambola nomen'izy ireo, ka 2 000 ireo tetikasa nisitraka izany ary manodidina ny 77 000 ny mpiofana afaka nivelona sy nanao fihariana ary nandraharaha. Voalaza fa ny 49 isanjaton'ireo mpiofana dia vehivavy avokoa, ary fiofanana mifanaraka amin'ny filan'ny tsenan'ny asa no nataon'izy ireo. Fiofanana tsara kalitao no natolotra ho an'ireo sehatra tsy manara-drafitra ka manodidina ny 35 000 ireo nosafidiana manokana tamin' izany. Tsy diso anjara ihany koa anefa ireo orinasa madinika sy ireo mpiasa manana asa tsizarizary, na ihany koa ireo tsy ampy na tsy manana traikefa mihitsy, ary indrindra ireo tanora hita fa mahay saingy tsy ampy fiofanana. Marobe tokoa mantsy ireo sedra nolalovan'ny tsirairay, indrindra taorian'iny valanaretina covid 19 iny. Maro ireo tsy mbola tafarina, indrindra fa ireo orinasa madinika vao niforona. Ny FMFP anefa niezaka nivoatra sy nampivoatra ireo tetikasa miaraka aminy hatrany ka nahafahana nahatratra tanjona izay napetraka hatrany amboalohany.

*"Dimy taona izay no niaraka niasa sy niezaka nitazona ny ezaka vita ny FMFP raha ao anatin'ny tontolon'ny fampiofanana araka asa eto Madagasikara no asianteny. Noezahina hifanaraka amin'ny filan'ny orinasa sy ny mpiasa foana ny tolotra nomena, izay rahateo no anisan'ny fepetra takiana hahafahan'ny tetikasa iray mahazo famatsiam-bola »*, hoy Ramaroson Jean Michel, PCA FMFP. Voalaza ihany koa fa ny FMFP dia anisan'ny filamatra aty Afrika amin'ny famoronana tohana toy izao.

Nilaza Raoelina Andriambololona, DG FMFP, fa manankarena araka olona i Madagasikara raha tsara sy manaraka ny fenitra ny fiofanana omena azy ireo. Afaka mijanona tsara ao anatin'ny tsenan'ny fifanina izay tsy mitsahatra mivoatra ihany koa.



**Mahatratra hatrany amin'ny 600 tapitrisa Ar ny famatsiambola azo omena ireo tetikasa hita fa mendrika hotohanana.**

Andraikitry ny FMFP ny miantoka izany amin'ny fanohanana ireo tetikasa 2 000 mahery sy izay mbola ho avy rehetra. Vokatry ny fiaraha-miasan'ny fanjakana amin'ny alalan'ny METFP sy ireo mpanohana aratsosialy dia niforona tamin' ny 2015 ny FMFP, izay miezaka mitazona ny maha zavadehibe ny maha olona ao aminy ho antoka iray mampandroso ny firenena.

Ankoatra ny fandraisana anjaran'ireo orinasa, manohana ara-bola fanampiny ny FMFP ihany koa ny Vondrona Eoropeanina sy ny AFD. Tanjona iray ihany ny hisitrahan'ny rehetra tolotra ara-piofanana mendrika sy tsara kalitao. Rehefa izany no tontosa dia azo antoka fa na toy ny inona haben'ny orinasa sy ny sehatra misy azy, mitovy foana ny fiofanana ho azon'ny rehetra.

Tamin'ny taona 2023, nisy tetikasa hotanterahina amin' ny sehatra nasionaly, izany hoe goavana kokoa, nisitraka famatsiam-bola 450 hatramin'ny 600 tapitrisa Ar. Ny 75 isanjaton'izany famatsiambola izany dia avy amin'ny AFD ary ny ambiny nataon'ny FMFP amin'ny alalan'ny latsakemboк'ireo mpikambana ao aminy. Anisan'ny nisitraka izany ohatra ny "Chambre de Commerce et de l'Industrie" any Androy, ka ny rohimpihariana manodidina toekarena manga any Atsimo no hatao amin'izany. Hisy ny fiarahamiasa amin'ireo faritra telo, dia Anosy sy Androy ary Atsimo Andrefana.

**Nath**

Samy...

**Saro-toerana !**

Nanamarika ity herinandro madiva hifarana ity andaniny ny fetin'ny id-al-fitr famaranana ny ramadany eo amin'ny finoana silamo sy ny fankalazana ny alahamady teny Anosimanjaka Ambohitrimanjaka, ary ankilany ny fandrotsahana ny antontan-taratsy filatsahana ho kandidà solombavambahoaka. Toa tsy misy ifandraisany ireo kanefa lasa eo anivon'ireo hetsika ireo ny fihavanana. Mahakasika indrindra ny fihavanana, resaka isika samy isika ihany, lasa saro-toerana izany ankehitriny eo anivon'ny fiarahamonina. Saro-toerana satria raha mivoy izany iretsy fety roa voalohany, toa mandrava izany kosa ny hazakazaka ho lasa solombavambahoaka eny Tsimbazaza. Miteny ho azy ny zava-misy : ny niaraka fahiny lasa mpifaninana mba tsy hilazana hoe mpifahavalo. Na izany teo amin'ireo antoko sy fikambanana heverina fa matanjaka eto amin'ny firenena na izany tamin' ireo lazaina fa tsy dia matanjaka loatra. Toa tsy hita taratra intsony ny fihavanana rehefa mandre ny fanambarana samihafa etsy sy eroa nataon'ireny nilatsaka ho kandidà mbola tsy ao anatin'ny fotoanan'ny fampielezankevitra akory aza. Vao mainka, resaka isika samy isika ihany, sarotoerana ny fihavanana rehefa mahita sy mandre ny paipaika sahady nisakanana ny firotsahan' ireny kandidà ireny tamin' ny toerana sy faritra maro eto amin'ny firenena. Ny mahalasa eritreritra aza moa amin'ity raharahampifidianana ity, ny mpihavana akaiky aza moa lasa mpifaninana mba tsy hilazana hoe mpifahavalo noho ny resaka… politika ! Manampy trotraka izany ny fahasahiranam-piainana manosika ny tsirairay sy ny isan-tokantrano ho samy maka ho azy manao izay hahavelomany !


Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

Fampianarana teknika sy fanofanana araka asa

# Ovaina manaraka ny toetry ny andro ny fandaharam-pampianarana



**Nanomboka omaly ny fakan-kevitra niarahana tamin'ireo teknisianina sy manampahaizana maro ao amin'ny tontolon'ny fampianarana teknika sy fiofanana araka asa.**

Tamin'ny taona 1990, izany hoe 30 taona lasa no nisy fanavaozana farany ny fandaharam-pianarana amin'ny fampianarana teknika sy fanofanana araka asa teto amintsika. Mivoatra manaraka ny toetrandro anefa ny zavatra rehetra, indrindra ny teknolojia, izay tsy mifanaraka amin'ny fampianarana omena ny ankizy malagasy intsony. Etsy ankilan'izany, ny 70 isanjaton'ny mpianatra misafidy ny taranja ankapobeny ka izay tsy tafiditra any sisa no lasa manao teknika. Araka ny fanazavan'ny minisitry ny fampianarana teknika sy fanofanana araka asa Lalatiana Rakotondrazafy : "*Fotoana izao hitondrana fanovana. Ny firenena mandroso rehetra manome vahana ny fampianarana teknika daholo mba hahatonga ireo mpianatra ho asa avy hatrany. Mba ho safidy amin'izay fa tsy hoe tsy afa-manoitra vao mandeha any amin'ny teknika izy ireo. Manodidina ny 500 000 hatramin'ny 700 000 isan-taona ireo mpianatra vita fianarana efa tokony hiasa, saingy tsy tafiditra. Tsy manana faripahaizana na ny fahaizamanao mihitsy no tsy mifanaraka amin'ny tolotrasa, ka izay ilay fiovana tiana hoentina.»*

**Lalam-piofanana vaovao**

Betsaka amin'ireo tanora sy mpianatra tokoa no mahita fa tena ilaina izao fanatsarana sy fanovana izao. Ao anatin'izay, hisy ny fampidirana taranja na lalampiofanana vaovao ka anisan'izany ny angovo azo havaozina, ny toekarena manga, ny fampandrosoana maharitra lovainjafy, serasera sy ny maro hafa. Iaraha-mahita fa mitontongana ny fiarahamonina malagasy ka ampidirina ao amin'ny fandaharam-pianarana ihany koa ny fanabeazana ho olompirenena vanona. Mba aorian'ny fianarana ataony dia ho afaka mamorona asa ho an'ny tenany ireo tanora fa tsy voatery hiasa amin' olona foana. Na farafaharatsiny efa ao aminy ny traikefa ka afaka manao izay asa safidiny izy aorian' ny fianarana, na ihany koa manohy ny fianarana amin' ny ambaratonga ambonimbony kokoa.

**Hitarina any amin'ny faritra**

Nanomboka omaly àry ny fiaraha-midinika sy fakankevitra amin'ny mpisehatra rehetra ka tafiditra ao anatin'izany ny mpampianatra, mpampiofana, matihanina ao amin'ny sehatry ny asa, ny mpiara-miasa arateknika sy ara-bola, sekoly tsy miankina. Mbola hitarina any amin'ny faritra izany ka rehefa samy nohenoina sy noraisina dia havondrona ho iray izay rehetra tapaka. Aroso amin'ny governemanta ary hirosoana ny fampiharana azy. Mazava ho azy fa tsy maintsy mbola misy ny tosika sy fampianarana ary fanofanana ireo mpampianatra mba hahafahana miatrika araka ny tokony ho izy ny fiovana. Mbola manana 5 na 6 volana rahateo ny fampianarana teknika alohan'ny fanombohan'ny taom-pianarana vaovao.

**Nath**

Toliara II - Sefo fokontany

# Hampikatso ny asa rehetra avy amin'ny fanjakana, raha tsy voaloa ny tambinkarama 16 volana

"Hampikatso ny asampanjakana rehetra izahay, raha tsy voaloa ny tambinkarama 16 volana izay tsy mbola vorainay. Raha ny fifidianana Solombavambahoaka kosa indray dia hataonay satria mpitondra ety ifotony akaiky anay izay ho lany eo", hoy Atoa Manandaza Fidison, filohan' ny fikambanana miahy ny Sefo fokontany rehetra ao Toliara II omaly. Nomarihan' ity farany fa "isan'ny mpiasa mizaka ny mafy ary mitelina ny mangidy izahay, na eo amin'ny fiaraha-monina na amin'ny fanjakana izay soloanay tena", hoy ihany Atoa Manandaza Fidison. Iaraha-mahita fa ny fifidianana rehetra atao eto amintsika dia tsy mandeha amin'ny laoniny raha vao tsy eo ny Sefo fokontany manerana ny nosy. "Ny mampalahelo anay dia sady tsy mbola azo ny tambinkarama, kanefa ny asa miha-mitombo isan'andro. Lazaiko etoana aza fa mihatra aman'aina ity asanay ity satria misy ny Sefo fokontany namanay notofirin'ny dahalo tany Soahazo, ary raha tsy voavonjy dia saika namoy ny ainy', hoy hatrany Atoa Manandaza Fidison, filohan' ny fikambanana miahy ny Sefo fokontany ao Toliara II. Efa tsy ferana intsony moa ny fisiana sefo fokontany naiditra am-ponja na miandry fitsarana. Nomarihan'ity fikambanana sefo fokontany ity fa ho feno herintaona sy tapany amin'io Numéro fifidianana Solombavambahoaka amin'ny 29 mey 2024 io no tsy nandraisan' izy ireo tambinkarama. Na izany aza efa dia nisy tamin'ireo Sefo fokontany naman'izy ireo no efa naharay ny tambinkaramany telo volana, raha enina hatramin'ny folo volana no tsy mbola azon'ny hafa, ary misy ireo mbola maro no tsy nandray ny tambinkaramany na ariary aza. Manao antso amin'ny fitondrampanjakana foibe sy ireo ambaratongam-pahefana maro mba hijery vahaolana amin'izao zava-tsarotra iainany izao ireto sefo fokontany an-jatony ireto. Atao ahoana no hamitana ny asa raha noana ny vatana ka mivezivezy ny fanahy, hoy ny fitenintsika Malagasy izay.

**HAR**

Tsenan'ny vy iraisam-pirenena

# Mihatsara ny vidin'ny nikela

Mandalo krizy ny vidin'ny nikela. Hita ho misy fihatsarany anefa raha oharina tamin'ny vidiny teo aloha. Omaly, niakatra 18 582, 50 Dôlara (80,8 tapitrisa Ariary) ny vidin'ny iray taonina teo amin'ny tsenan'ny vy iraisam-pirenena. Tsiahivina fa efa nahatratra 32 000 Dôlara ny vidiny tany amin' ny volana febroary 2023. Tsy nitsahatra nitotongana taorian'izany ka tonga tany amin'ny 15 000 Dôlara tamin'ny volana febroary tamin'ity taona ity. Ozinina mpitrandraka nikela ampolony no efa nikatona vokatr'izany. Niarina tsikelikely indray ny vidiny taorian'ny febroary lasa teo ka tonga amin'io vidiny ankehitriny io. Anisan'ny antony naharatsy ny vidin' ny nikela ny fitombon'ny tahirin'ny nikela teo amin'ny tsenan'ny vy iraisam-pirenena noho ny fihenan'ny fanjifana ity karazam-by tsy mety harafesina ity, izay tena fampiasa amin'ny fitaovana elektronika sy vatoaratra. Nanamarika izany ny fihemoran'ireo mpanamboatra fiara hamokatra fiara elektrika marobe andaniny, ary ny fihemoran'ny famokarana maneran-tany ankilany, indrindra fa tany Sina. Ity firenena ity rahateo dia voasokajy ho lohalaharana amin'ny fanjifana sy famokarana nikela maneran-tany. Tsy afa-bela tamin'ity krizy ity ny teto Madagasikara. Iarahamahalala fa nahavita nampiditra 43,5 tapitrisa Dôlara tao anatin'ny kitapombolam-panjakana sy nandrotsaka 300 tapitrisa Dôlara teto amin'ny tsena anatiny ny fitrandrahana Nikela nataon'Ambatovy tamin'ny taona 2022. Noho ity olana ity anefa dia voatery naato ireo tetikasa tsy laharam-pahamehana teo anivon'Ambatovy ary naato ihany koa ny sasany tamin'ireo orinasa mpiantoka asa miara-miasa aminy. Manova zavatra be dia be eto amintsika araka izany ny fitotonganana na ny fiakaran'ny vidin'ny Nikela eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

**R. Muray**

Hetsika fampirantiana iraisam-pirenena SITLM

# Tanterahina mandritra ny efatra andro eny Tanjombato

Miditra amin'ny andiany fahatelo ny hetsika fampirantiana iraisam-pirenena SITLM (Salon International Transports Logistique Manutention). Nosokafana tamin' ny fomba ofisialy, omaly teny amin'ny "Forello Expo" Tanjombato ary tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 14 avrily ho avy izao. Tonga nitarika ny lanonam-panokafana teny an-toerana ny Minisitry ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro, Ramonjavelo Valéry Manambahoaka, niaraka tamin'ny Minisitry ny asa vaventy, Jly Andrianatrehina Ndriamihaja Livah. Misy eo amin'ny 108 ireo mpandray anjara, izay ahitana firenena miisa enina. Hibahan-toerana amin'ireo fampirantiana sy famelabelaran-kevitra hotanterahina mandritra ireo efatra andro ireo ny tontolon'ny fitaterana sy ireo




**Fanokafana ny SITLM teny Tanjombato.**

sehatra hafa manodidina azy. Natao hampivondronana ireo matihanina, orinasam-panjakana, ary mpandraharaha misehatra mivantana na an-kolaka amin'ny fitaterana sy ny fampitaovana ary ny fikirakirana rahateo ity hetsika ity.

**R. Muray**

Solika

# Mananika ny 90 Dôlara ny vidin'ny barila



**Tsy mety ho marin-toerana ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. (Sary nindramina)**

Manohy ny diany miakatra ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Omaly, manomboka amin'ny 85 ka hatramin'ny 90 Dôlara (391 282 Ariary) ny vidin'ny barila 159 litatra. Anisan'ny mampiakatra ny vidin'ny solika ankehitriny ny fampihenana ny famokarana ataon'ireo firenena mpanondrana solika mivondrona ao anatin'ny OPEP+ andaniny, ary ny fikorontanan'ny famatsiana solika vokatry ny adin'i Israely sy ny Hamas ao Bande de Gaza ankilany. Ahiana mbola hihamafy ny fiakaran'ny vidin' ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, satria mety mbola haharitra ny fepetra noraisin'ny OPEP+ sy ny ady ao Moyen-Orient. Na izany aza, mety hanova zavatra ny fiakaran'ny sondro-bidim-piainana any Etazonia. Lasa nitombo manko ny tahirin-tsolika eo amin'ny tsena amerikanina vokatr'ity tranga ity, izay mety handray anjara amin'ny fampihenana ny vidin'ny solika.

*Tamin'ny volana jolay 2022 no niakatra farany ny vidin-tsolika teto Madagasikara.*




**Fiovam-penitra**

Eo anatrehan'izany, mbola tsy misy fiovana ny vidin'ny solika eto Madagasikara. Efa tamin'ny volana jolay 2022 no niakatra farany ny vidin'ny solika teto amintsika. Ny vidin'ny solika any am-potony sy ny sandan'ny vola malagasy mitaha amin'ny Dôlara ary ny saran'ny fitaterana amin'ny sambo no mamaritra ny vidiny eto amintsika. Na izany aza, tsy maintsy hisy fiantraikany aty amintsika io fiakaran'ny vidiny any am-potony io raha mbola hitohy maharitra. Asa na efa fiomanana sahady amin'ny zava-misy eo amin'ny tsena iraisam-pirenena fa nisy ny fivoriana niarahan'ny OMH na ny Ofisy Malagasy misahana ny akoranafo, tamin'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo, ny ATT na ny Atonkon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, ny Madarail, ny Fikambanan'ny mpitatitra solika, ny fikambanan'ny mpitatitra an-dalambe, ny mpandraharahan'ny solika, ny solontenan'ny mpivarotra fiara vao, ary ny laboratoara fitiliana solika, tamin'ny 27 marsa lasa teo. Niompanan'ny lahadinika tamin'izany ny tetikasa fanovana ny fenitra mandrafitra ny gazoala sy ny lasantsy fandrehitra mba hanomezana kalitao tsara mifandraika amin'ny filàn'ny mpanjifa. Natsangana tamin'io fotoana io ny vondron'asa telo handinika teboka maromaro, ka anisan'izany ny vidintsolika. Araka ny efa hita hatrizay anefa dia tsy maintsy hitarika any amin'ny fiakaran'ny vidim-piainana ny fiakaran'ny vidin-tsolika

**R. Muray**

## TSIPAKA

Nirohotra niditra teny ambony kianja ny mpijery baolina kitra tany Andaboly, tsy nanaiky ny fandavan'ny ekipan'ny Elgeco Plus ny fampitsaharan'ny mpitsara lalao ny fihaonana teo aminy sy ny 3FB tompon-jaridaina. Noheverin'ity ekipan'Analamanga ity mantsy fa tokony mbola hisy ny fe-potoana fanampiny ka saika nanoloany mpilalao kanefa dia fanaperana ny lalao no nitranga. Gaga sy talanjona ny mpanazatra ny Elgeco Plus nahita an'izany fanapahan-kevitra izany, ka nikasa hangata-panazavana tamin'ny mpitsara lalao mpanampy teny ambony latabatra. Ny fisian'izany fihetsika izany no nahatonga an'ilay fiakaran'ny mpijery teny ambony kianja.

### Iza no ho voa mafy ?

Manoloana an'izany trangan-javatra izany dia voalaza fa saika ratsy ny niafaran'ny lalao, raha tsy niditra antsehatra haingana ny mpitandro filaminana, nandamina ny toe-draharaha. Ankoatra ny maha kely ny kianja, voalaza fa manarapenitra ireny. Ny zavatra hita dia ny tsy fisian'ny fefy vy manodidina azy, natao hiarovana ny mpilalao eny ambony kianja. Raha sanatria tokoa mantsy ka misy ny fahatezerana ka tafiditra eny ambony kianja ny mpijery, dia mety ho voakasi-tanana sy hiharan'ny herisetra ny mpilalao. Raha ny lalàna napetraky ny FIFA amin'ny kianja filalaovam-baolina kitra dia anisan'ny laharam-pahamehana ny tokony hametrahana fefy vy manodidina, hisakanana ny mpijery tsy halaim-panahy hiditra ao anatiny. Raha ny zava-misy tany amin'ny kianja Me Kira no tsy voafehy dia azo veroka fa tsy maintsy nisy ny fampiasana herisetra. Raha nisy faharatran'ny mpilalao dia tsy maintsy milatsaka ny sazy amin'ny tsy hahazoana manao fifaninanana intsony amin'io kianja io. Raha sanatria moa nisy fahafatesan'olona nitranga dia vao mainka mitatra ohatra ny sima misioka ny toe-draharaha. Iza no mahazo tombontsoa raha toa ka mihidy tsy ho azo ilalaovana intsony ilay kianja ? Ny fitaintainan' ny mpijery baolin'i Mahamasina, mandra-pilatsaky ny fanapahan-kevitry ny FIFA aza ity efa tsy ahitany tory firy intsony. Mainka fa raha iharan'ny fanakatonana ihany koa ireny kianja manarapenitra ireny, izay mba azo lazaina fa manala olana ihany aloha noho ny tsy fahampian'ny foto-drafitrasa amin'itony filalaovam-baolina itony.

**aris rafaly**

# TSARA HO FANTATRA

Raharinirinana Fenosoa Jacquot "Coka"

## Mpampidi-baolina ikoizana ao amin'ny ekipan'i Real Maldive-n'i Seychelles

Mitana ny laharana voalohany vonjimaika amin'ny fampidiram-baolina amin' ny fifaninanam-pirenena, tanterahina atsy amin'ny nosy Seychelles amin'izao fotoana izao, i Fenosoa Jacquot Raharinirinana, na i "Coka". Baolina 27 no tafidiny ho an'ny ekipan'ny Real Maldives FC, izay mitarika voalohany amin'ny filaharana vonjimaika ihany koa amin'ny "Championship". Mitana ny laharana faha-2 sy faha-3, ao aorianany amin'ny fampidiram-baolina, i Rose Marion (Real Maldive : 18 buts) sy Rafaliniaina Henintsoa (Revengers : 16). Rehefa avy niserana vetivety tao amin'ny ekipan'ny Disciples FC Vakinankaratra i Coka, dia niverina any Seychelles indray manantevin-dahaarana ny R.M. Araka ny fanamarihana nataony dia fito taona amin'ity 2024 ity no ilalaovany any Seychelles. Ny ekipan'ny St Michel United no nilalaovany voalohany. Lohalaharana mpanafika ny toerana misy an'i Coka. Azo lazaina fa mpilalao manana toe-batana amin'ny fialalaovana baolina kitra izy no sady matanjaka. Mbola nitarafana ny fahaizamanaony tamin'ity taranja ity ny nitarihany ny Ekipa Voafantin'Analamanga, izay voahosotra tompondaka tamin'ny "*Coupe du Président 2023*". Fianakaviana mpiondana tamin'ny filalaovana baolina kitra sy rugby ry Coka. Ny rainy niteraka azy Rasolofomanana Jacquot, na Rasolobe, dia mpilalao'ny 3FB, nitana ny toeran'ny "2ème ligne", ary



niofana ho mpanazatra taty aoriana. Nanolokolo an'i Coka tamin'ny lavalava ny rainy fa nisafidy nilalao kitra ny tenany. Niteraka fito mianadahy Rasolobe, ka roa ihany no vehivavy. Ny zanany mirahalahy dia nanara-dia azy tamin'ny filalaovana lavalava, dia i Raharinirinana Jacquot na i Coco, "3/4 aile"-n'ny TAM Anosibe sy ny ekipa nasionaly. I Jean Noël zandrin'i Coco voaantso tamin'ny XV Makis, saingy nindaosin'ny fahafatesana tampoka teo amin'ny fahatanorany. Coco koa tsy atoro amin'ny fian-



Nanolokolo ny taranany tamin' ny lavalava.

galiana baolina kitra. Coka sy Lalaina zandriny kosa indray dia ekipa maro no efa nilalaovany, ka anisan'izany ny US AVEIA – AJESAIA - CNaPS - Disciples FC ary ny Barea de Madagascar. Samy mpilalao matihanina tatsy amin'ireo nosy rahavavy izy mirahalahy ireo fa i Coka mbola niverina any Seychelles. Lalaina niserana fotsiny tatsy Maurice dia naleony nijanona eto antanindrazana hatramin'izao fotoana izao. Mananika ny faha-33 taonany i Coka. Manambady an'i Bary Malalanirina Sarobidy, niterahany mianadahy. Mbola tena ao anatin'ny heriny sy ny tanjany, ary feno fahamatorana ny lehilahy ankehitriny. Tia manentana ny mpiara-milalao aminy eny ambony kianja izy. Tsy ny toeran'ny fanafihana ihany no manavanana an'i Coka fa tsy vaovao aminy koa ny vodilaharana, manidy trano. Ankoatra ny fanaovana fanatanjahantena dia anisan'ny fialamboly tiany ny milalao "Play Sation" sy ny mampilalao ny zanany. Ankafiziny ny miaraka mahandro sakafo amin'i Sarobidy. **aris rafaly**



Nampita ny fahaizany tamin'ireo zandriny.

"Ligue des Champions"

## Tsara fanombohana ny Barca sy ny Atletico de Madrid

Tamin'ireo ekipa espaniola telo, niatrika ny lalao ampahefadàlana mandroso amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Eraopa 2023 – 2024, dia nahazo fandresena teo anatrehan'ny mpifanandrina taminy ny FC Barcelone sy ny Atletico de Madrid, izay nandresy ny Paris St Germain 2 no ho 3 tany amin'ny Parc de Prince (France) sy ny Borussia Dortmund 2 no ho 1 tany Espagne. Ny Real de Madrid kosa indray dia voatazon'ny Manchester City 3 no ho 3 tao amin'ny kianjan'i Santiago Bernabeu. Azo lazaina fa ho taolana ny lalao miverina ho an'ny mpilalaon'i Ancelotti, satria sarotra resena any amin'ny kianjany ny mpilalaon'i Pep Guardiola. Taorian'ny nandresen'ny "Blaugrana" ny parizianina tao amin'ny kianjany, dia mihevitra ny mpanazatra Luis Enrique fa lalao famaranana miverina no hatao, ka manantena an-dry Kylian Mbappe sy ry Ousmane Dembele hatrany izy. Nisaraka ady sahala 2 no ho 2 tany Angletera kosa i Arsenal sy ny Bayern de Munich.

**a.r**

"Inter-Fac 2024"

## Hangotraka ny lalao famaranana amin'ny taranja iraisana anio

Hotanterahina anio zoma 12 aprily 2024, eny amin'ny kianja mitafo sy ny kianja filalaovana baolina kitra Ankatso, ny lalao famaranana amin'ny taranja iraisana rehetra (kitra - basket -volley), hiadiana ny tompondakan' ny sampam-pianarana ao anatin'ny oniversitem-panjakana sy ny mpitantan-draharahara amin'ireny fotodrafitrasa iasana sy ianarana ary ipetrahan'ny mpianatra ireny. Araka ny fandaharandalao dia misongadina ny FLSH, satria ny taranja basketball lehilahy irery ihany no tsy andraisany anjara amin'ny lalao famaranana. Midika izany fa matanjaka amin'ny fifaninanana "Inter -Facultes" ity sampam-pianarana ity. Mitana ny laharana faharoa amin'ny fiatrehana ny lalao famaranana kosa ny EGS sy ny ENS. Lalao famaranana tokana ihany no atrehin'ny mpianatra ao amin'ny Science. Anterina fa ekipa 10 amin'ny oniversite tantanin'ny fanjakana irery ihany, hoy Atoa Henri Razafimandimby, tomponandraikitry ny fifaninanana, no miatrika ny fifaninanana, dia ny AESM - AEGM - AEIAM - AEDECOUA - AEDM - AEFLSH - SENS - FMSA - AEFMA - FMPA. Izany no atao dia isorohana ny mety hisian'ny fampilalaovana mpianatra mpikaramanady "merçènaires", tsy mianatra amin'ireny oniversitempanjakana ireny intsony. Ny lalao fifanintsanana tamin' ity "Inter-Fac 2024" ity, dia naharitra amam-bolana maro fa izao vao tonga amin'ny lalao famaranana. Natao indrindra ihany koa izao fifaninanana izao mba hisian'ny fifankatiavana sy ny firaisankina, hoy hatrany Atoa Henri Razafimandimby, fa tsy ny fisian'ny gidragidra amin'ireny grevy ireny no mampalaza ny mpianatry ny oniversite. Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao anio tontolon'ny andro : *Volleyball* - Kianja mitafo Ankatso Vehivavy / 11 ora : EGS # FLSH ; Lehilahy/ 12 ora 45 : EGS # FLSH ; *Basketball* / Vehivavy/ 14 ora 15 : FLSH # ENS ; Lehilahy / 15 ora 30 : EGS # ENS ; *Football* / Vehivavy / 12 ora : FLSH # ENS ; Lehilahy / 14 ora : FLSH # SCIENCE. Entina mamarana tanteraka an'ity fifaninanana "Inter-Fac" ity, dia hisy ny fialamboly sy korana hatao eny amin'ny Batou Beach Ambohimanambola amin'ny alin'ny sabotsy 27 aprily 2024, izay hohafanain'ny DJ telo ao anatin'ny sampam-pianarana EGS / ESP / AEFLSH.

**aris rafaly**

PASI PASI

Randriamiandrisoa Nicolas

# Sady mpifaninana, mpampiofana, ary mpitsara sy mpanazatra ny zanany

*Mpanao karate ny dadany, ny baolina kitra kosa no nanombohany, nisafidy ny hanao karate avy eo, ary taty aoriana dia nanao Taekwondo efa ho 30 taona mahery. Nanara-dia azy koa ny zanany mirahavavy, izay samy nanao Taekwondo. Ity no fianakaviana hampahafantarina antsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***RN :*** Randriamiandrisoa Nicolas.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve ? Inona ilay spaoro atao ?
***RN :*** 55taona ary mbola manao spaoro Taekwondo !
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RN :*** Mbola kely dia efa nanao spaoro. Baolina kitra no spaoro tena natao tamin' ny mbola kely, satria ny zokiko lahimatoa dia mpanao baolina nalaza tao Antsirabe, Jean Jacques, na ilay antsoina amin'ny anaram-bositra hoe "Vazaha". Tao amin'ny Akon'ny FIFFAV sy 3FB no klioba nisy azy tamin izany. Ny raiko anefa dia nanao karaté, izay "ceinture Noire" tamin'ny taona 70, dia tsy maintsy nifidy hoe inona no hatao, baolina kitra sa karate dia tapaka ny hevitra fa ny karate no hatao. Tamin'ny taona 1986 tao amin'ny klioba Askado Antsirabe no nanombohako teo amin ny faha-17 taona, mpianatry ny Lycée André Resampa, ka Maître Richard Ranarijaona no nampianatra ahy, ary anisan'ny namolavola ka nahatonga ahy toy izao. Makasitraka indrindra Maître de big up an'ireo "promotion" rehetra tamin'izany (Sylvie, Far, Sosoa, France Georges, Hery, Laza, Ra Lalie, Sylvain sy ny rehetra tsy voatanisa. Isaorako manokana koa i Maître Raheriarimahefa Cyprien sy Maître Roty Randriamandranto. Ny taona 1992 no nanomboka nanao taekwondo ITF ary avy eo tafiditra tao amin'ny ekipam-pirenena Taekwondo WT ny taona 1996. Amin' izao dia mbola mandrato sy mampita ho an'ny tanora, efa 30 taona mahery nanaovana Taekwondo. Noho ny fitahian'Andriamanitra dia mbola tsy nijanona mihitsy.



Nanara-dia ny ray aman-dreniny nanao taekwondo izy mirahavavy.


***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy ? Dia manao spaoro daholo ve ?
***RN :*** 2 vavy ny zanako. Randriamiandrisoa Candice, 21 taona, nanao Taekwondo koa fa nijanona teo amin'ny "ceinture Bleue" noho ny antony fianarany. Randriamiandrisoa Jessica, 16 taona, manao spaoro koa, dia mazava ho azy fa ny Taekwondo. Nahazo "ceinture Noire 1er dan ny 2022 ary manomana ny passage de grade 2eme dan amin'ny volana jona, eo am-panomanana ny fanadinanana "arbitre régional" ihany koa amin'ny volana jona. Ny maman'izy ireo ihany koa dia niangaly taekwondo fa nijanona teo amin'ny "ceinture Bleue".
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RN :*** Tsy nisy noterena fa dia nanao an-tsitra-po izy 2 vavy.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***RN :*** Mbola tsy nisy voaantso fa izay koa no tanjona any aoriana any rehefa tonga ny fotoana mahamety azy.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena izany ny fianakaviana ?
***RN :*** Mahafinaritra ny "famille" miaraka manao "sport", mifampahery tena. Zava dehibe.
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RN :*** Fialambolinay mianakavy dia mandeha mitsangantsangana.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RN :*** Manaova spaoro fa manampy amin'ny fahasalamana ary afaka manala ny sorisory ihany koa. Mankasitraka antsika rehetra.

**Rabenaivo**

Trail d'Ibity - Andiany fahavalo

# Nahery i Rivosoa sy i Cornie Ludivine

Nisy 3 000 ireo nandray anjara tamin'ilay "Trail d'Ibity" andiany fahavalo, notanterahina tatsy amin'ny ligin'i Vakinankaratra, ny alahady 7 aprily teo. Ny Antenna Technologies Antsirabe no nikarakara ity hetsika ity, izay natao hanangonambola hanohanana ireo ankizy tratran'ny tsy fahampiana ara-tsakafo mitaiza sy miverimberina ao Ibity. Ankoatra ny fifaninanana ara-panatanjahantena, afaka nankafy ny hakanton' ny natiora ireo mpandray anjara, tamin'ny alalan'ny fizahantany. Nanambara ny mpikarakara fa tratra ny tanjona tamin'ity ary efa nampanantena sahady izy ireo fa hitondra zava-baovao hatrany ho an'ny rehetra amin'ny andiany fahasivy. Raha hiverenana ny fizotran'ny fifaninanana, dia nisy karazany maro, toy ny halavirana 2km, natokana ho an'ireo ankizy sy olon-dehibe. Teo koa ny 12km, ho an'ireo salama vatana sy matanjaka, ary ny 30km, izay zava-baovao tamin'ity andiany fahavalo ity. Raha ho an'ny sokajy lehilahy dia norombahin' Andrianirina Rivosoa ny laharana voalohany, izay nahavita ny fifaninanana tao anatin'ny ra 2 sy 22 minitra ary 57,42 segaondra ny halavirana. Teo amin'ny sokajy vehivavy indray dia i Ludivine Cornie no tonga voalohany rehefa nahavita ny halavirana tao anatin'ny ra 3 sy 27 minitra ary 11,45 segaondra. Toy izao no vokatra rehetra. « 30 km lehilahy » : 1- Rivosoa ; 2- Narcisse ; 3-Hajanirina. « 30km vehivavy »: 1- Ludivine ; 2- Sidonie ; 3- Navokoarilalaina. « 12km lehilahy » : 1-Jean-Claude, 2-Albert ; 3-Harivola Lova. « 12km vehivavy » : 1-Sandrinah ; 2-Berthine ; 3-Herivola.



Sady nifaninana no nankafy ny hakanton'ny natiora tamin'ny tanànan'Ibity ireo mpandray anjara.

**Rabenaivo**

Basket - "All Step"/andiany 1

# Ny federasiona no hiantoka ny loka ho an'ny mpandresy




Efa tany amin'ny fiafaran'ny fihaonana vao tafavoaka teto ny LMA mpampiantrano.

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny alarobia teo tetsy amin'ny kianjan'ny LMA Ampefiloha ny andiany volohany amin'ny fifaninanana « All Step », taranja Basketball. Tonga nanome voninahitra izany ireo olomanakaja maro. Anisan'izany ny filohan'ny FMBB, Jean Michel Ramaroson, izay nanambara fa handray an-tanana ny fanomezana ny loka ho an'ny mpandresy amin'ity. « Manantena ny tenako fa amin'ny herintaona dia efa ho lasa ngezabe ity fifaninanana ity », hoy izy raha nampatsiahy fa toy izao koa no niandohan'ny « Smatch'in ». Niantso ny hampanjakana ny « fair-play » kosa ny filohan'ny ligin'Analamanga, Hery Andriatsima, izay nanamafy fa « mifaninana fa mifanaja ». « Hisokatra kokoa ny fifaninanana amin'ny manaraka », hoy izy, « satria dia ireo lisea nanana kianja aloha no nomena tombony. Ezahantsika ihany koa ny hamohazana indray ny fitiavana basketball any ifotony, ka mba any amin'ny kianja mitafo no hanaovana ny dingana famaranana ». Nisaotra ny ligy nikarakara izao hetsika izao kosa ny Proviseur LMA. Efa ela no nisy toy izany tamin'ny Ossum. Nisy ny lalao nanamarihana ity fanokafana ity, ka teo amin'ny lehilahy dia nivoaka mpandresy, tamin'ny isa 63 no ho 61 ny LMA raha nifanandrina tamin'ny Lisea Andohalo.

**Rabenaivo**

FIHEZAMA - Fampiofanana

# Nofaranana tamin'ny fomba manetriketrika




Nizarana "cértificat de participation" avokoa ny mpiofana.

Tamin'ny alalan'ny fizarana « cértificat de participation », ny alarobia lasa teo tetsy amin'ny ANS Ampefiloha no namaranana ilay fampiofanana ho fanamafisam-pahaizana ho an'ny teo anivon'ny FIHEZAMA. Tonga nanome voninahitra ity lanonana ity avokoa ireo olobe teo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, notarihin-dRamatoa DGS, ny Tale jeneralin'ny Akademia Nasionalin'ny Spaoro, ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny niandraikitra ny fampiofanana. Samy niaiky ny rehetra fa ilaina ny fampiofanana toy izao, ialàna amin'ny tsy fahaizana mitantana sy fikarakarana hetsika isan-karazany. Nanamafy ihany koa ny filohan'ny FIHEZAMA, Jacky Raymond Rakotovao, fa nandritra iny fiofanana iny vao fantatra ireo zavatra tsy azo atao kanefa dia noheverina fa mety hatramin'izay. Nisaotra ny mpikarakara sy vy nahitana izao fampiofanana izao ireo mpiofana, izay manantena ny hitohizan'izany hatrany. Samy nanome toky moa izy ireto fa hiezaka hizara sy hampihatra izay noratovina nandritra izany. Tsiahivina fa naharitra roa andro ny fampiofanana, ka maro ireo lohahevitra nozaraina, toy ny fikarakarana hetsika ara-pantanjhantena, ny mahakasika ny fitsaboana sy ny ara-pahasalamana, ny lalàna mifehy ny fanatanjahantena sy ny maro samihafa. Nahatratra hatramin'ny 120 ny isan'ireo nanaraka ity fiofanana ity.

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

Vao




## Hatsikana an-tsary

Fe




## Masoandro miposaka

**ASA 26 : 12-14**


12 Ary tamin'izany, raha nankany Damaskosy aho, nitondra fahefana sy teny izay efa azoko tamin'ny lohan'ny mpisorona,
13 koa nony ilay nitataovovonana iny ny andro, ry mpanjaka ô, dia hitako teny an-dalana fa, indro, nisy mazava avy tany andanitra nanelatrelatra manodidina ahy mbamin' izay niaraka tamiko mihoatra noho ny famirapiratry ny masoandro.
14 Ary rehefa lavo tamin'ny tany izahay rehetra, dia nandre feo nilaza tamiko aho nanao tamin'ny teny Hebreo hoe: Saoly Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? Zavatra sarotra aminao ny hanipaka ny fanindronana.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Izay be ditra, be nenina.**

Beaucoup d'entêtement, beaucoup de regrets.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3218**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 3 | | | | |
| | 5 | | | | | | 8 | |
| | | 9 | 6 | | 4 | 7 | | |
| | | 3 | 7 | | 9 | 8 | | |
| 4 | | | | | | | | 6 |
| | | 6 | 8 | | 5 | 1 | | |
| | | 4 | 9 | | 3 | 5 | | |
| | 2 | | | | | | 4 | |
| | | | | 5 | | | | |

Valin'ny laharana **3217**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 8 | 6 | 5 | 2 | 9 | 7 | 4 | 3 |
| 9 | 5 | 4 | 7 | 8 | 3 | 2 | 1 | 6 |
| 3 | 7 | 2 | 4 | 1 | 6 | 9 | 5 | 8 |
| 4 | 9 | 8 | 2 | 3 | 5 | 1 | 6 | 7 |
| 7 | 2 | 3 | 1 | 6 | 4 | 8 | 9 | 5 |
| 5 | 6 | 1 | 9 | 7 | 8 | 4 | 3 | 2 |
| 6 | 1 | 7 | 3 | 4 | 2 | 5 | 8 | 9 |
| 2 | 3 | 5 | 8 | 9 | 1 | 6 | 7 | 4 |
| 8 | 4 | 9 | 6 | 5 | 7 | 3 | 2 | 1 |

Ambohidratrimo

# Ankizivavy 6 taona nisy nanolana, karohina ny nahavanon-doza

Nisy tranga fanolanana tany amin'ny toerana antsoina hoe Antsahabe, fokontany Tsaramandroso Namontana, any Anosiala Ambohidratrimo, ny alatsinainy 25 martsa teo. Ankizivavikely iray 6 taona no niharan'ny fanolanana tamin'izany ary tsy mbola hita fa karohina ilay nahavanon-doza. Teny am-pilalaovana ilay zaza no nanatona azy ny lehilahy iray efa lehibe. Araka ny fantatra dia tsy fantany ity farany fa tonga dia nisambotra azy ary nitondra azy tany amin'ny toerana mangina. Nesoriny ny patalohan'ilay ankizy ary notsindrotsindroniny tamin'ny rantsan-tanana ny fivaviany. Rehefa nahafantatra ny zava-nitranga ny renin'ilay zaza dia nanatona tany amin'ny tobim-paritry ny zandary tany Ambohidratrimo omaly ary nametraka fitoriana.

**Niasa**

Araka ny fanampim-panazavana dia tsy teo an-tanàna ny renin'ilay ankizivavikely io tamin'ny fotoana nanaovan'ilay mpanolana ny asa ratsiny. Fantatra mantsy fa nandeha niasa izy ka ny renibeny no nitaiza ity zaza ity sy ny zandriny kely izay mbola minono. Avy nianatra io zaza io tamin'io hariva io. Dia io nandeha nilalao io avy eo ka tany no nanaovan'ilay lehilahy fihetsika mamohehatra. Efa nalefa natao fizahana tany amin'ny "centre Vonjy" eny Befelatanana ilay ankizivavikely taorian'izay. Mitohy ny fikarohana ilay mpanolana.

**T.H**

Mahasolo

# Jiolahy maty voatifitry ny miaramila

Jiolahy raindahiny mipetraka ao Amparimanga, kaominina Mahasolo, no maty voatifitry ny miaramila ny alatsinainin'ny paska lasa teo. Tena nikoizana sy nampitaraina ny mponina tokoa teo amin'ny resaka fanafihana tanàna sy ala-botry ity tra-tehaky ny mpitandro filaminana ity . Rehefa avy nanao ny asa fanafihana izy dia nandeha nijery fampisehoana tao Belanitra, kaominina Maroala, no tratran'ny fokonolona. Niantso ny mpitandro filaminana avy hatrany moa ireto farany.Tonga ara-potoana ny miaramila ka noraisim-potsiny ity jiolahy ity. Rehefa teny an-dalàna dia saika handositra ranamana ka avy hatrany dia notifirin'ny mpitandro filaminana ka maty tsy tra-drano. Nalain'ny fianakaviany moa ny razana.

**Rablaise**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 630 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Paty sy tongolo gasy ary fromazy

**Zavatra ilaina:** paty 500g, tongolo gasy 10, lard fumé 75g, fromazy 200g, menaka 4 sotro lehibe, sira sy dipoavatra

**Fomba fikarakarana azy** : Teteho ny lard fumé – mety koa ny henan-kisoa fanendy. Toraka izay koa ny tongolo gasy. Ampangotrahy ny rano misy sira, avy eo arotsahy ao ny paty ka masaho. Etsy ankilany, hafanao ny menaka, endaso ny tongolo gasy sy ny lard fumé ary haroharoy. Teteho ny fromazy. Tsihifo ny paty ary arotsahy miaraka ao dia haroharoy. Arotsahy ao koa ny fromazy dia asio sira sy dipoavatra.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**05 avril au 12 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Izaho koa mba tsara na betsaka aza ireo malaza, misora-tena ho tonga lafatra. Niezaka aho, nilofo fatratra naka tahaka ny tsara, sady liana te hahafantatra hoe iza tokoa moa izy, avy aiza, zana-jovy ?"

**Ny Vetso (22.10.16)**

("Je ne suis pas la meilleure personne au monde, mais au moins, je ne fais pas semblant d'être ce que je ne suis pas.")

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Romantique
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.15 : TELE ACHAT
20.30 : Film Dramatique
23.00 : Journal international
23.45 : Film Romantique
02.00 : Documentaire
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

************

## TELEFAONINA ILAINA

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Sandravinany - Vangaindrano

# Mikatso ny tsenan'ny langosta, manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana ny mponina





Any Sandravinany no ahitana ilay karazana langosta mena isan'ny tsara kalitao sy tsara vidy indrindra.

Nisokatra ny voalohan'ny volana aprily teo ny tsenan'ny "langouste" any amin'ny disitrikan'i Vangaindrano. Mbola tsy nisy mpanangom-bokatra tonga anefa any an-toerana hatramin'izao, hoy ny lefitry ny ben'ny tanànan'ny kaominina Ambanivohitra Sandravinany, Atoa Lahede Velsasse raha nitafa taminay. Mitobaka eny an-tsena tsy misy mpividy ny entana ka mitaraina ireo mpanjono langouste any an-toerana. Mora lavitra miohatra ny vidin'ny henan'omby eto an-dRenivohitra tokoa ny vidin'ity hazandrano isan'ny ifampitadiavan'ny mpanam-bola ity, satria 14 000 Ariary sisa no hivarotan'ny mpanjono ny kilaon'ny langosta any an-toerana raha manodidina ny 18 000 sy 22 000 Ar any ho any no tokony hakan'ny mpanangom-bokatra ny kilao eny am-potony. Araka izany dia atao varo-boba ny entana, satria tsy misy mpandray. Foto-piveloman'ny ankamaroan'ny mponina any amin'ny kaominina Sandravinany sy ny manodidina ny fanjonoana langouste. Araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia, mampiakatra "langouste" manodidina ny 700 kilao hatramin'ny iray taonina isan'andro ny kaominina Sandravinany sy ny manodidina. Tsy vitan'izay, fa any amin'ity kaominina ity no ahitana an'ilay karazana langostra mena (langouste rouge), isan'ny tena tsara kalitao sy tsara vidy indrindra kanefa dia izao lasa ataon'ny olona varo-boba izao noho ny tsy fisian'ny mpanangom-bokatra.

### Tsy nipoitra

Araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana hatrany dia ny orinasa « Madapêche » sy « Martin Pêcheur » no tena tompon'ny tsenan'ny langouste any an-toerana hatramin'izay. Mbola tsy nipoitra anefa ireo mpanangom-bokatra ireo hatramin'izao. Misy ihany ireo mpamongady madinidinika manao izay ho afany, fa tsy mahavaha olana. Manampy trotraka ihany koa ny fahasimban'ny lalampirenena RN12A izay isan'ny sakana lehibe tsy hahatongavan'ny mpanangom-bokatra hafa. Eo anatrehan'izany dia manao antso avo amin'ireo tomponandraikitra isantsokajiny ny mponina any Sandravinany sy ny manodidina mba hijery akaiky ny zava-misy any an-toerana, satria ny foto-piveloman'izy ireo mihitsy no tandindomin-doza sy efa mikatso. Vola an-tapitrisany maro tokony hiditra amin'ny vahoaka sy ny kitapom-bolam-panjakana tokoa no very anjavony amin'izao fikatsoan'ny tsenan'ny « langosta » any amin'ny kaominina Sandravinany, distrikan'ny Vangaindrano, faritra Atsimo Atsinanana izao ka manainga ny minisitera voakasika mba handray ny andraikitra tandrify azy avy.

**Niry R.**

Minisiteran'ny Fitsarana

# Horaisina hiasa ireo vehivavy voafonja 50 tao Antanimora

Notanterahina omaly ny fanaovan-tsonia fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny "Fondation Akbaraly". Natao tao amin'ny "Tour Redland » izany, miompana amin'ny fahasalamana sy ny fanomanana ny vehivavy voafonja amin'ny fiverenana eny anivon'ny fiarahamonina, rehefa tapitra ny fotoana hanefana ny sazy. Voarakitra ao anatin'ny fiaraha-miasa fa raisina ho isan'ny mpiasa eo anivon'ny ivontoerana tantanan'ny « Fondation Akbaraly » ny vehivavy voafonja miisa 50 nahavita fiofanana arak asa tao Antanimora. Izany dia ho tohin'ny fiaraha-miasa efa nisy hatramin'izay, satria ny « Fondation Akbaraly » ihany no efa nanohana ny fiofanana nomena azy ireo, sady manampy ny Minisiteran'ny Fitsarana amin'ny fitsirihana ny fahasalaman'ny vehivavy voafonja. Hahazo tambin-karama ireo vehivavy voafonja hiasa ireo, entiny manomana ny ho aviny. « Io fifanarahana io dia tafiditra ao anatin'ny politikam-panjakana napetraky ny Minisiteran'ny Fitsarana, amin'ny fanomanana ny famerenana ny voafonja eo anivon'ny fiarahamonina rehefa tapitra ny fotoana hanefana ny sazy, ary sambany teo amin'ny fitantanana ny fonja no nisy voafonja nahazo fiofanana ka nahazo asa avy hatrany. Antanimora no hanombohana ity fiaraha-miasa ity fa ezaka ny hanitatra izany amin'ny vehivavy voafonja amin'ny faritra hafa » : hoy ny mpitahiry ny tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Marihina fa miditra miasa maraina ireo vehivavy voafonja ireo ary miverina ao am-ponja rehefa avy miasa. Nanatrika ity lanonana fanaovan-tsonia ity ny tompon'andraikitra isantokony eo anivon'ny fitsarana, notarihan'ny tonia mpampanoa ambony eo anivon'ny Fitsarana Tampony sy ny Talen'ny Kabinetran'ny Ministiry ny Fitsarana, Mpiara-miasa eo anivon'ny fandraharahana ny fonja, notarihan'ny Tale Jeneralin'ny Fandraharahana ny Fonja ary ny Mpiara-miasa eo anivon'ny « Fondation Akbaraly ».

**Deyland**



Fiaraha-miasa eo amin'ny minisiteran'ny fitsarana sy ny "fondation akbaraly".

Fanafihana tao Maintirano

# Jiolahy mpaka an-keriny iray voasambotra

Taorian'ilay fanafihana mitam-piadiana narahina fakàna olona an-keriny tao Ampasimandroro, kaominina Maintirano, ny talata alina lasa teo, dia niroso tamin'ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy ny mpitandro filaminana tao an-toerana. Vokatr'izany, jiolahy mpaka an-keriny iray voalaza fa anisan'ny tomponantoka tamin'io fanafihana io no voasambotry ny polisy. Raha tsiahivina dia jiolahy miisa folo nirongo fiadiana no nanafika tokantrano iray tao an-toerana tamin'io. Vola an-tapitrisany, finday miisa efatra ary firavaka sarobidy maro no lasan'ireo jiolahy tamin'io fanafihana io. Nisy olona roa nalain'izy ireo an-keriny ihany koa. Efa avotra soa aman-tsara moa ireo olona ireo saingy fa naolan'ireo jiolahy ilay vehivavy iray. Mbola mitohy hatrany ny fikarohana ireo jiolahy naman'ity iray efa voasambotra ity.

**R.C**

# TENY REHETRA TENY

(Soratra : Mamy R.)




Manomana hetsika natokana hampivelatra ireo orinasa misehatra amin'ny kolontsaina sy ny famoronana "Tokotany be" ny minisiteran'ny serasera.



Hatao ao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena amin'ny 18-19-20 aprily izany. Isan'ny ho tazana mandritra izany itony asa famoronana itony.



Ankoatra ny mpanao politika dia mahatsikaritra ihany koa ireo firaisamonim-pirenena fa miala tsikelikely amin'ny rafitra repoblikana isika ary mirona mankany amin'ny rafitra jadona.




Milaza ny tsy hilefitra fa hanohitra izany tranga izany hatramin'ny farany izy ireo? raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Ambatonakanga omaly.




Nandritra ny fihaonambem-pirenena ho fampandrosoana ny baolina kitra malagasy natao teny amin'ny Kianja Barea.




Ankoatra ireo matihanina dia nandray anjara mavitrika tamin'izany ireo filohan'ny ligy 22 eto Madagasikara